








# Boky Torolalana ho an'ny Mpisehatra amin'ny Fanondranana Entana ao amin'ny sehatry ny AGOA : Taridalana ho amin'ny Fanondranana Entana mankany Etazonia

NOVOLAVOLAIN'NY IVOTOERANA MOMBA NY VAROTRA SY NY FAMPIASAM-BOLA AN'NY USAID AFRIKA ATSIMO (USAID SOUTHERN AFRICA TRADE AND INVESTMENT HUB)

NAVOAKA NY: OKTOBRA 2020








# FANKASITRAHANA

Tamin'ny anaran'ny USAID sy tamin'ny alalan'ny fiaraha-miasa akaiky tamin'ny Ivotoerana momba ny Varotra sy ny Fampiasam-bola an'ny USAID Afrika Atsimo (USAID TradeHub), ny Boky Torolalana ho an'ny Mpisehatra amin'ny Fanondranana Entana ao anatin'ny AGOA dia nanaovana fikarohana sy novolavolain'i :

**Mpanome hevitra :** Rtoa Jan Forest (ICA-PRE-014-2020)
Mpisolovava manampahaizana manokana momba ny
Fadintseranana sy ny Varotra Iraisam-pirenena ao Washington, DC
(202) 841-1060
jan@jforestconsulting.com

# FISAORANA MANOKANA ATOLOTRA AN'I/NY :

**Frances Fraser**, Mpitantana ny Fampiasam-bola (Gestionnaire de Portefeuille) ao amin'ny USAID TradeHub, noho ny fananana0 haitarika sy vina hamolavola ity rakikevitra ity.
**Michelle Pieterse**, "Graphiste", noho ny nampindraminao anay ny talentanao mba hahatonga ny famoahana ity rakikevitra ity hamaly ny filàn'ny mpampiasa azy.
**Ny U.S. Import Agents) sy ny "U.S. Registrar Corp" (orinasa Amerikana manampy ireo orinasa hafa amin'ny fanarahana ireo didy amam-pitsipika arahina izay apetraky ny U.S. FDA)** noho ny nanomezanareo ireo fampahalalana sy hoenti-manana sarobidy mifandraika amin'ny Fandaharanasa Fanamarinana ireo Mpamatsy Vahiny (FSVP) sy ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody (U.S. FDA) tsirairay avy. Raha mila fanazavana sy hoenti-manana fanampiny avy amin'ny Mpiasan'ny Fanafaran'entana ao Etazonia (U.S. Import Agents), jereo ny tranonkala www.usimportagent.com sy ho an'ny "Registrar Corp", jereo ny tranonkala www.registrarcorp.com.

# FETRANY SY FITSIPAHANA ANDRAIKITRA

Ity boky torolalana ity dia natao indrindra ho taridalana tsotra sy mandeha tsikelikely ho an'ny olona na fikambanana miorina ao amina firenena Afrikana Atsimon'i Sahara, liana amin'ny fanondranana entana mankany Etazonia. Tsy tafiditra ato akory ireo rakikevitra rehetra ilaina mifandraika amin'izany, fa natao indrindra izy ity hanoro ireo rehetra mampiasa azy ny toerana tokony halehany hahazoany ny fampahalalana nivoaka farany, satria ampanarahina toetrandro matetika ireny fampahalalana avoaka sy fisy fampiasa ireny.

Nanatsoaka sy nandravona votoatiny avy amina loharano maro ny mpanome hevitra (consultant) ary nampiseho ireo fampahalalana nivoaka farany azo ampiasaina avy amin'ireo loharano ireo. Raha toa ka misy ny fanambaràna tsy marina dia andraikitry ny mpanome hevitra irery ihany izany ary tsy maneho velively ny hevitra ny USAID.

# LOHARANON'NY SARY

Ireo sary, fisy sy kisary hafa ampiasaina ato amin'ity boky torolalana ity dia azo avy amin'ny :
- Ivotoerana momba ny Varotra sy ny Fampiasam-bola an'ny USAID Afrika Atsimo
- www.shutterstock.com
- www.istockphoto.com

# LISTRY NY FANAFOHEZAN-TENY

| | |
|---|---|
| AofC | Affirmation of Compliance (codes) |
| AGOA | African Growth and Opportunity Act |
| APHIS | USDA Animal and Plant Health Inspection Service |
| AW | Water Activity |
| BRC | British Retail Consortium |
| CBP | U.S. Customs and Border Protection |
| CGMP | Current Good Manufacturing Practice |
| CIF | Cost, Insurance, Freight (charges) |
| DRV | Daily Reference Value |
| EIN | Employer Identification Number |
| FCE | Food Canning Establishment |
| FDA | U.S. Food and Drug Administration |
| FSIS | Food Safety and Inspection Service |
| FSMA | Food Safety Modernization Act |
| FSVP | Foreign Supplier Verification Program |
| FURLS | FDA Unified Registration and Listing System |
| GFSI | Global Food Safety Initiative |
| GSP | U.S. Generalized System of Preferences |
| HACCP | Hazard Analysis Critical Control Point Rafitra |
| HS | Voarindra |
| HTSUS | Haba araka ny rafitra voarindran'ny |
| IRS | Amerikanina Internal Revenue Service |
| ISF | Importer Security Filing |
| ISO | International Organization for Standardization |
| LDC | Firenena Mahantra Indrindra |
| PCQI | Preventative Controls Qualified Individual |
| RACC | Reference Amount Customarily Consumed |
| RDI | Reference Daily Intake |
| SID | Scheduled Process Identification (number) |
| SSA | Aty Afrika Atsimon'ny Sahara |
| SSN | Social Security Number |
| USAID | Sampan-draharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam pirenena |

# FIZAHAN-TAKELAKA


| | |
|---|---|
| **FAMPIDIRANA SY TOE-JAVA-MISY** | **2** |
| **FIZARÀNA VOALOHANY :** | |
| Ny AGOA (African Growth and Opportunity Act) | 3 |
| 1.1 Inona moa ny AGOA? | 3 |
| 1.2 Ireo Fepetra Ankapobeny Mila Fenoina | 3 |
| **FIZARÀNA FAHA-2 :** | |
| **Ireo Feni-kevitra Fototry ny Lalàn'ny Fadintseranana Amerikana sy Ireo Vokatra Azo Aondrana ao anatin'ny AGOA** | 5 |
| 2.1 Ireo Dingan'ny Fanaovana Fanambaràna amin'ny Tsena Amerikana | 5 |
| 2.2 Fanasokajiana Entana ao amin'ny HTSUS | 10 |
| 2.3 Fisandana Entana | 11 |
| 2.4 Famantarana ny Firenena Niavian'ny Entana | 11 |
| **FIZARÀNA FAHA-3 :** | |
| Fanondranana Vokam-pambolena na Sakafo sy Zava-pisotro mankany Etazonia | 14 |
| 3.1 Fisoratana anarana amin'ny FDA | 14 |
| 3.2 Fepetra Takiana amin'ny Fanoratana ny Etikety momba ny Sakafo | 17 |
| 3.3 FSMA "Food Safety Modernization Act" | 20 |
| **FIZARÀNA FAHA-4 :** | |
| Fanondranana Lamba sy Fitafiana mankany Etazonia ao anatin'ny AGOA | 22 |
| 4.1 Fitsipika Manokana ho an'ny Lamba sy Fitafiana | 22 |
| 4.2 Lamba, Laharam-pahamehana ho an'ny CBP | 25 |
| **TOVANA :** | |
| AGOA Fact Sheet 1 : Famaritana ny fahafenoana fepetra ao anatin'ny AGOA | 27 |
| AGOA Fact Sheet 2 : Lisitra Fanamarinana ho an'ny Fanondranana ireo Entana Tsy Vita amin'ny Lamba | 28 |
| AGOA Fact Sheet 3 : Fitsipika sy Fahafenoana Fepetra Fepetra Takiana ho an'ny Lamba sy Fitafiana | 29 |
| AGOA Fact Sheet 4 : Antontan-taratasy Ilaina amin'ny Fandefasana Entana Mankany Etazonia | 31 |

# FAMPIDIRANA SY TOE-JAVA-MISY

Ny tanjon'ity Boky Torolalana ho an'ny Mpisehatra amin'ny Fanondranana Entana ao amin'ny Sehatry ny AGOA ity dia ny hanome ny fampahalalana na torohay rehetra ilain'ireo efa mpanondrana entana sy ireo rehetra liana amin'izany mba hanarahany ny fepetra rehetra takian'ny lalàn'ny Fadintseranana Amerikana sy hanararaotany tsara ny AGOA. Amin'ny maha azo ampiharina azy, ity rakikevitra ity dia manome torolalana mandeha tsikelikely mahakasika ireo tokony ho fantatra raha liana amin'ny fanondranana entana mankany Etazonia, ao anatin'izany :

- Ireo fampahalalana momba ny dingan'ny fanaovana fanambaràna
- Fanasokajiana
- Fisandana entana
- Famantarana ny firenena niavian'ny entana
- Fahafahan'ny entana miditra
- Fanombanana ny haba

Nandritra ny namolavolana ity boky torolalana ity, dia nisy ny fanadihadiana ireo mpiara-miombon'antoka maro avy amin'ireo firenena Afrikana Atsimon'i Sahara (SSA) miisa valo : Botswana, Eswatini, Lesotho, Namibia, Malawi, Mozambika, Afrika Atsimo sy Zambia, izay notontosain'ny USAID Southern Africa Trade and Investment Hub (USAID TradeHub), ilay Ivotoerana momba ny Varotra sy ny Fampiasam-bola an'ny USAID Afrika Atsimo. Tamin'ny alalan'ity dingam-pikarohana araka ny lazaovan-kalitao ity, ny fanadihadiana rehetra natao dia nanondro fa mety ho an'ny besinimaro ny endrika namolavolana sy ny asan'ilay boky torolalana. Ireo mpisehatra eo amin'ny tsena dia nahitana orinasa mpanondrana entana efa manana traikefa amin'ny fanondranana entana, orindraharaha mpampiroborobo ny varotra sy ny fampiasam-bola, fikambanana mpandraharaha ary mpikambana ao amin'ny komity mpitantana ny AGOA amin'ny sehatra nasionaly.

Sokajina entana roa lehibe no resahina ato amin'ity torolalana ity :

1. **Vokam-pambolena sy Sakafo**
2. **Lamba sy Fitafiana**

Ny fanondranana vokam-pambolena dia ilàna ny fiheverana ireo fepetra takian'ny U.S. Food and Drug Administration (FDA) [1] amin'ny lafiny taratasy fanamarinana (certification), etikety momba ny sakafo ary fampahafantarana mialoha ho an'ny vokatra sakafo rehetra.

Ireo fepetra takiana ho an'ity sokajy ity dia resahina ao amin'ny **Fizaràna faha-3**.

Ny **Fizaràna faha-4** dia miresaka momba ny lamba sy fitafiana ary manome ny jeritodika an'ireo fitsipika manokana momba ny fiavian'ny lamba sy ny fitafiana, ary koa ireo fitsipika manokana mahakasika ny fametrahana etikety amin'ny vokatra vita amin'ny lamba. Ankoatra ireo fepetra hafa takiana amin'ny lafiny fametrahana etikety, ny vokatra rehetra aondrana mankany Etazonia dia tsy maintsy asiana ny anaran'ny firenena niaviany.

Ireo tahirin-kevitra hafa momba ny fanondranana entana eo amin'ny sehatry ny AGOA, toy ny "fact sheets" na ny fisy mirakitra ny fampahalalana momba ny entana, sy "webinaires" na seminera ampitain-davitra, dia azonao jerena ao amin'ny tranonkalan'ny USAID TradeHub amin'ny alalan'ity rohy ity : http://www.satihub.com/.

U.S. FOOD & DRUG ADMINISTRATION

**Fampahafantarana ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody (U.S. Food and Drug Administration)**

Ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody (U.S. FDA) no miandraikitra ny fiarovana ny fahasalaman'ny vahoaka Amerikana, miantoka ny maha azo antoka sy ny fiarovana amin'ny loza ireo fanafody ho an'ny olombelona sy ny biby, ireo vokatra biolojika, ireo fitaovam-pitsaboana, ny famatsiana ara-tsakafo, vokatra fikarakarana vatana sy tarehy, paraky sy sigara ary ireo vokatra mamoaka taratra (radiation).

Mitana anjara asa lehibe ihany koa ny FDA amin'ny fampandrosoana ny fahaiza-manao amin'ny ady amin'ny fampihorohoroana ao Etazonia ary manatanteraka izany anjara asany izany amin'ny alalan'ny fiantohana ny fiarovana ny famatsiana ara-tsakafo amin'ny loza sy amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fampivoarana ny vokatra ilaina amin'ny fitsaboana mba hiatrehana izay rehetra mety hanambana ny fahasalamam-bahoaka.

[1] *U.S. Food and Drug Administration (Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody): https://www.fda.gov/about-fda*

# FIZARANA VOALOHANY : NY AGOA NA "AFRICAN GROWTH AND OPPORTUNITY ACT"

## TANJONA

Ny tanjon'ny **Fizaràna Voalohany**, Ny AGOA na "African Growth and Opportunity Act", dia ny hahatonga ny olona mampiasa ity boky ity hahafantatra misimisy kokoa momba ny AGOA sy ireo tombontsoa marobe azo amin'ny fanondranana entana mankany Etazonia araka ireo fepetra manokana omeny.

## VOKATRA ANDRASANA

- Mitombo ny fahafantarana sy ny fahatakarana ny AGOA ; ary ;
- Ireo mpisehatra dia mahafantatra ireo fepetra ankapobeny mila fenoina raha te-hisitraka tsy fandoavana haba ao amin'ny AGOA.

## 1.1 Inona moa ny AGOA?

Ny Lalàna mifehy ny Fitomboana sy ny Fanararaotra ara-toekarena aty Afrika na AGOA dia navoaka hanan-kery tamin'ny18 Mey, taona 2000, ary mitoetra eo amin'ny ivon'ny politika ekonomikan'ny Etazonia sy ny fifanekena ara-barotra ataony miaraka amin'i Afrika. Amin'ny alalan'ny AGOA no afaka misitraka ny tsenan'ny Etazonia tsy mandoa haba ireo firenena Afrikana atsimon'i Sahara izay mahafeno fepetra ary vokatra maherin'ny 1.800 no voakasik'izany, ankoatra ireo vokatra maherin'ny 5.000 izay nahazoana alalana haondrana tsy andoavana haba ao amin'ny sehatry ny Fandaharanasan'ny SGP (Système Généralisé des Préférences) na rafitra ankapobeny anomezana tombon-dahiny manokana ireo firenena mahantra indrindra. [2]Noho io antony io, matetika ny AGOA no antsoin'ny olona hoe SGP plus.

Maro amin'ireo vokatra nampiana no vokatra sarotra hafarana izay tsy tafiditra ao anatin'ny SGP, ao anatin'izany ny lamba, fitafiana, famantaranandro, kiraro, poketra, valizy, entana fisaka, gan-tanana fentina miasa, fitafiana misy hoditra, sy vokatra eletrônika, vita amin'ny vy sy vera sasany.

Hohavaozina ny lalàn'ny AGOA ny 30 Septambra 2025.

## 1.2 Fepetra Ankapobeny Mila Fenoina

Ny lalàn'ny AGOA dia mikendry ny hitondra fanatsarana lehibe amin'ny fisitrahana ny tsenan'i Etazonia sy mikatsaka ny hanohana ny fitomboana ara-toekaren'ireo firenena Afrikana Atsimon'i Sahara, no sady manatsara ny fifandraisana ara-toekaren'i Etazonia amin'io faritra io.

**INONA NO HITA ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY ?**


1.1 Inona moa ny AGOA?
1.2 Ireo Fepetra Ankapobeny Mila Fenoina

Mba ho isan'izay mahafeno fepetran'ny AGOA sy hitazomana izany sata izany, ny firenena tsirairay dia tsy maintsy maneho fa tsy mitsahatra mizotra mankany amin'ny toekarena mifototra amin'ny tsena izy ireo ary miezaka ny hanatsara ny maha tany tan-dalàna azy, ny zon'olombelona sy ireo fenitra fototry ny asa. Etsy andaniny, ireo firenena dia tsy maintsy manafoana ny sakana rehetra amin'ny varotra sy fampiasam-bola amerikana, mamolavola politika hampihenana ny fahantrana, miady amin'ny kolikoly ary miaro ny zon'olombelona.

**Mba ho isan'ireo vokatra mahafeno ireo fepetra takian'ny AGOA ny vokatra iray :**

a) Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena manondrana ny entana ;
b) Tsy maintsy mahafeno fepetra ilay vokatr a ;
c) Tsy maintsy nafarana mivantana avy amina firenena Afrikana Atsimon'i Sahara ilay vokatra ; ary
d) Tsy maintsy feno ireo fepetra takian'ny fitsipiky ny fiavian'ny entana.

Ireo firenena voatendry ho firenena Afrikana Atsimon'i Sahara mpisitraka ny tanjon'ny AGOA dia vita lisitra ao amin'ny Note Générale 16 an'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis" ary ny ankamaroan'ireo firenena Afrikana Atsimon'i Sahara dia tafiditra ao avokoa nanomboka ny taona 2020. (Jereo ny **Fisy Voalohany mirakitra ny Fampahalalana momba ny Fanondranana Entana ao anatin'ny AGOA (Fact Sheet 1) : Famaritana ny Fahafenoana Fepetra ao amin'ny AGOA**, raha mila ny andinindininy).




*Sources*: dataweb.usitc.gov; Agoa.info; mapchart.net

[2] *Biraon'ny Solontena Ara-barotr'i Etazonia (USTR):* https://ustr.gov/issue-areas/trade-development/preference-programs/african-growth-and-opportunity-act-agoa

Ny fahafenoan'ny vokatra fepetra dia azo fantarina amin'ny alalan'ny fitadiavana ny laharan'ny lazam-bidy (numéro tarifaire) tandrify azy mba hanasokajiana ilay vokatra sy amin'ny alalan'ny fanamarinana raha toa ka misy soratra "D" eo amin'ilay tsanganana "spécial" ao amin'ny Lisitry ny Lazam-bidy.

Ho an'ny entana ankoatra ny lamba, ho hita ao amin'ilay tsanganana "spécial" ilay "D" raha toa ka mahafeno fepetra ilay vokatra. Ho an'ny lamba sy fitafiana, ilaina ny miverina mijery ireo fitsipika mahakasika izany araka ny hita ao amin'ity rohy ity : [sub-Chapter XIX of Chapter 98 of the HTSUS] (ao amin'ny zana-toko faha-19 an'ny Toko faha-98 an'ny HTSUS.)

Tsy maintsy alefa mivantana avy any amin'ny firenena Afrikana Atsimon'i Sahara mankany Etazonia ireo entana, na, raha toa ka tsy maintsy mandalo firenena hafa, dia tsy afaka miditra amin'ny fifanakalozana ara-barotr'ilay firenena andalovany. Ny Fitsipiky ny Fiavian'ny Entana an'ny AGOA dia mitaky fa ny vokatra dia natao hampitomboana ara-toekarena ny firenena misitraka ny AGOA, ho an'ny vokatra ao aminy na hamboarina ao aminy. Na, raha toa ka misy singa tsy avy amin'ilay firenena Afrikana Atsimon'i Sahara mandrafitra ilay vokatra, ny ampahany betsaka amin'ilay vokatra dia tsy maintsy nahodina tao amina firenena misitraka ny AGOA.

Fanampin'izany, ho an'ireo entana tsy novokarina manontolo tao amina firenena misitraka ny AGOA, ny totalin'ny sarany mivantana tamin'ny nanodinana ilay vokatra tao amin'ilay firenena misitraka ny AGOA ampiana ny sarany na ny vidin'ireo vokatra novokarin'ilay firenena misitraka ny AGOA dia tsy maintsy mira farafahakeliny 35 isan-jaton'ny tombam-bidin'ilay entana. Ireo entana mahafeno fepetra dia tsy maintsy ampiarahina amin'ny taratasy fanamarinana ny firenena niaviany. Mila ampiarahina amin'ny antontan-taratasy fanambaràna amin'ny fadintseranana ny taratasy fanamarinana, kanefa tsy maintsy atao vonona haseho amin'ny fotoana rehetra angatahan'ny CBP na ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fandintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany azy koa.

## FAMINTINANA

Ho an'ireo firenena Afrikana Atsimon'I Sahara nahafeno fepetra, misy vokatra efa ho 7.000 mahery voatanisa ao amin'ny "Liste Tarifaire Harmonisée" izay azo aondrana afaka haba mankany Etazonia.




Image source: www.istockphoto.com

# FIZARANA FAHA-2 : IREO FENI-KEVITRA FOTOTRY NY LALÀN'NY FADINTSERANANA AMERIKANA & IREO VOKATRA AZO AONDRANA AO ANATIN'NY AGOA

## INONA NO HITA ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY ?

2.1 Ireo Dingan'ny Fanaovana Fanambaràna amin'ny Tsena Amerikana
2.2 Fanasokajiana Entana
2.3 Fisandana Entana
2.4 Famantarana ny Firenena Niavian'ny Entana

## TANJONA

Ny tanjon'ny **Fizaràna faha-2**, *Ireo Feni-kevitra Fototry ny Lalàn'ny Fadintseranana Amerikana sy Ireo Vokatra Azo Aondrana ao anatin'ny AGOA*, dia ny hanamafy orina ny fahatakarana ireo Feni-kevitra Fototry ny AGOA sy ny fomba fampiharana ireo fahazoana tombon-dahiny.

## VOKATRA ANDRASANA

- Mitombo ny fahalalana ireo teny manan-danja fampiasa sy ny fahatakarana ny lalàn'ny fadintseranana Amerikana ;
- Mitombo ny fahatakarana ny vokatry ny fanaovana fanambaràna amin'ny tsena Amerikana, indrindra fa ireo rakikevitra ilaina ;
- Mahalala ny rafitra fanasokajiana entana ;
- Manampy ny mpampiasa hahay manasokajy entana amin'ny alalan'ny fampiasana ny Rafitra Mirindra Fanoritsoritana sy Fanomeza-marika ny Entana na Code SH ;
- Mahay ny fomba fikajiana ny fisandana entana ;
- Mahalala ny fomba famantarana ny firenena niavian'ny entana araka ny fitsipika manokana ; sy ;
- Voaentana fa misy vokatra sasany mitaky fahazoan-dalana manafatra entana vao tafiditra any Etazonia.

## 2.1 Ireo Dingan'ny Fanaovana Fanambaràna amin'ny Tsena Amerikana

Ny "mpanafatra ofisialy" no tompon'andraikitra amin'ny fanafahana amin'ny fadintseranana ireo entana amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany (CBP).[3] Tsy maintsy mametraka "fanambaràna" ilay mpanafatra entana vantany vao tonga ao Etazonia ny entana nalefany. Io "fanambaràna" io dia tsy inona fa ireo rakikevitra napetraky ny mpanafatra entana tamin'ny CBP, ary ny "firaketana ny fanambaràna" dia ireo dingana rehetra mampifandray ny mpanafatra amin'ny CBP mba hametrahana tompon'andraikitra ara-dalàna. Ny olona manana zo ara-dalàna hametraka "fanambaràna" irery ihany no afaka manao izany. Voakasik'izany ohatra ny tompon'entana na ny mpividy ireo entana na mpanalalan-draharaha mahefa notendren'ny tompon'entana, ny mpividy na, ny olona na ny orinasa nandefasana ny entana.

Ny vokatra sasany ihany koa dia iharan'ny fitsipika sy didy aman-dalàn'ny FDA na ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody miaraka amina fepetra takiana fanampiny. Ireo no resahina ao amin'ny **Fizaràna faha-3**, *Ny Fanondranana Vokam-pambolena mankany Etazonia.*

Ny fanambaràna dia tsy maintsy ombana antoka amin'ny fanafaran'entana na amin'ny fadintseranana (jereo ato ny fisy faha-301 an'ny CBP mahakasika izany : [CBP Form 301](CBP Form 301): Customs Bond (Antoka amin'ny Fadintseranana)) mba hiantohana ny fandoavana ireo sara, haba sy sanda zakain'ireo entana nafarana. Azo atao ny mampiasa orinasam-piantohana mba hanome ny antoka. Ny tetibidin'ny antoka dia mifototra amin'ny tondrozotra fanombanana ny loza mety hitranga, ao anatin'izany ny tantaran'ny mpanafatra entana.

Ny fitomboan'ny fampiasana ny fametrahana antontan-taratasy elektrônika dia nahatonga ny dingan'ny fanaovana fanambaràna ho haingana kokoa, kanefa noho ny mbola fahasarotan'ny dingan'ny fanafahana entana amin'ny fadintseranana, ireo mpanafatra entana dia mazàna mampiasa mpanalalan-draharaha amin'ny fadintseranana ao an-toerana manana fahazoan-dalana hanao izany na sampanasa mpanalalan-draharaha amin'ny fadintseranana avy any ivelany. Ny mpanalalan-draharaha dia tsy maintsy manana fahazoan-dalana hanao izany manan-kery nomen'ny CBP mba hahafahany manatanteraka raharaha amin'ny fadintseranana ho an'ny olona na orinasa hafa. Na izany aza anefa, ny mpanafatra entana foana no tompon'antoka tratra farany raha toa ka misy tsy marina na fahadisoana tamin'ny fanambaràna natao.

### Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany

Eo ambany fitarihan'ny Departemanta Amerikana misahana ny Filaminana Anatiny, ny CBP na ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany dia miandraikitra ny "fiarovana ny vahoaka amin'ny olona sy fitaovana mampidi-doza no sady manamafy ny fifaninanana ara-toekarena maneran-tany an'I Etazonia amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny varotra sy dia ara-drariny." Ny CBP dia fikambanana sisin-tany miray izay mampivondrona ny fadintseranana, ny fifindra-monina, ny fiarovana ny sisin-tany sy ny fiarovana ny fambolena ho ao anatina lahasa voarindra iray.

[3] *CBP na Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany : https://www.cbp.gov/about*




Image source : www.istockphoto.com

Noho ny Lalàna momba ny Fiarovana sy ny Tamberin'andraikitra ho an'ny Seranana Rehetra (SAFE [4]), izay nivoaka ny taona 2006, ankehitriny ny CBP dia mitaky amin'ny mpanafatra entana ny fametrahana angona sasany mialoha ny fampiakarana ny entana halefa any Etazonia ambony sambo amina seranana any ivelany. Fantatra amin'ny anarana hoe "Importer Security Filing (ISF)" na "10+2" izy ireny. Mifantoka amin'ny mpanafatra entana sy ny fanarahany fitsipika ity fitsipika ity.

Ankoatra ny ISF takian'ny CBP, ny sasany amin'ireo entana ihany koa dia iharan'ny fepetry ny "Fampahafantarana Mialoha" miaraka amin'ny FDA na ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody. Ny Fampahafantarana Mialoha dia fampahafantarana ny FDA mahakasika ny entana an-dalana mamonjy an'I Etazonia. Ny Fampahafantarana Mialoha dia takiana indrindra fa raha handefa santionan'entana. Mety hogiazana ao amin'ny Seranana ny entana raha toa ka tsy napetraka ny Fampahafantarana Mialoha.

Ny mpanondrana, mpanafatra na olona hafa dia afaka mametraka ny Fampahafantarana Mialoha izay ahitana ny fampahalalana mahakasika ny entana alefa sy ny fitaovam-pitaterana mitondra azy.

### *Inona no atao hoe ISF na "Importer Security Filing"?*

Ny "Security Filing" (na antsoina koa hoe hetsi-piniavana "10+2") dia fitsipika napetraky ny CBP izay manery ny mpanafatra entana sy ireo mpitatitra an-dranomasina hanome angona ara-barotra ho an'ny CBP mialoha ny fandefasana ny entana. Io fitsipika io dia mahakasika ny fandefasana entana an-tsinjarany mandeha sambo mankany Etazonia. Ireo mpanafatra entana dia tsy maintsy mameno fisy ISF-10 (Importer Security Filing) izay ahitana singan'angona miisa 10 ary mandefa izany amin'ny fomba elektrônika 24 ora mialoha ny fampiakarana entana ambony sambo.

[4] *CBP na Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany:* https://www.dco.uscg.mil/Portals/9/DCO%20Documents/5p/CG-5PC/CG-CVC/CVC1/ocs/general/safeportact/Safe_Port_Act_2006.pdf

## *Lisitra Fanamarinana ny Fisy ISF-10 "Importer Security Filing"*

1. **Laharam-pamantarana ny Mpanafatra Ofisialy :** Laharana IRS (Internal Revenue Service): EIN (Employer Identification Number) raha orinasa, sy/na SSN (Numéro de Sécurité Sociale) raha olon-tsotra , na laharam-pamantarana nomen'ny CBP ho an'ny tsanganasa miandraikitra ny fandoavana ny sara rehetra sy miantoka ny fanarahana ireo fepetra takiana araka ny lalàna sy ny fitsipika vokatry ny fanafarana ny entana. Ny mpanafatra ofisialy dia mety ho tsanganasa avy any ivelany. Na izany aza anefa, tsy maintsy tsanganasa Amerikana no omena rehefa angatahina ny laharan'ny mpandray ny entana any Etazonia.

2. **Laharam-pamantarana ny Mpandray:** Laharana IRS (Internal Revenue Service): EIN (Employer Identification Number (laharam-pamantarana ny mpampiasa) raha orinasa, sy/na SSN (Social Security Number (laharan'ny fiahiana ara-tsôsialy) raha olon-tsotra, na laharam-pamantarana nomen'ny CBP ho an'ny olon-tsotra na orinasa izay nandefasana ny entana any Etazonia.

3. **Anarana/Adiresin'ny Mpivarotra (Tompony):** Anarana sy adiresin'ny olona na tsanganasa farany fantatra fa nividianana ilay entana na nifanarahana fa hividianana azy. Raha toa ireo entana ireo ka nafarana ho amin'ny tanjona hafa ankoatra ny hovidiana dia tsy maintsy omena ny anarana sy adiresin'ilay tompon'entana. Eken'ny CBP ho solon'ny anarana sy adiresin'ny tompon'entana ny laharana DUNS, laharana tsy manam-paharoa misy tarehimarika sivy izay natao hamantarana orinasa.

4. **Anarana/Adiresin'ny Mpividy (Tompony) :** Anarana sy adiresin'ny olona na orinasa farany fantatra fa nividy ilay entana na nifanarahana fa hividy azy. Raha toa ireo entana ireo ka nafarana ho amin'ny tanjona hafa ankoatra ny hovidiana dia tsy maintsy omena ny anarana sy adiresin'ilay tompon'entana. Eken'ny CBP ho solon'ny anarana sy adiresin'ny tompon'entana ny laharana DUNS.

5. **Mpandray ny Entana:** Anarana sy adiresin'ny olona na orinasa voalohany voalahatra fa handefasana ny entana ary handray izany ara-bakiteny rehefa afaka tao amin'ny fadintseranana ny entana. Mitady ny anarana sy adiresin'ilay olona handray ny entana aorian'ny fanafahana azy tao amin'ny fadintseranana ny CBP, fa tsy ampy ny adiresin'ny orinasa fotsiny.

6. **Anarana/Adiresin'ny Mpanamboatra (Mpamatsy) :** Anarana sy adiresin'ny tsanganasa izay nanamboatra, nanambatra na namokatra farany na namboly ilay entana ; na anarana sy adiresin'ny mpamatsy ilay entana voahodina any amin'ilay firenena iaingany. Eken'ny CBP ho solon'ny anarana sy adiresin'ny tompon'entana ny laharana DUNS.

7. **Firenena Niaviana:** Firenena nanamboarana, namokarana na nambolena ilay entana, araka ny lalàna, fitsipika sy fepetra manan-kery ao Etazonia.

8. **Entana HTS-6:** Laharan'ny fanambaràna ny haba/statistika izay entin'ilay entana amin'ny fanasokajiana azy ao anatin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis." Ny laharana HTSUS dia tsy maintsy ahitana tarehimarika miisa enina farafahakeliny. Manan-tsafidy ihany koa anefa ny mpanao fanambaràna hanome laharana HTSUS ahitana tarehimarika miisa hatramin'ny 10 (jereo ny Fizaràna faha-2.2 amin'ilay Fanasokajiana HTS).

9. **Toerana nampidirana entana tao anaty kaontenera:** Anarana sy adiresy (iray na maro) misy ilay toerana nampidirana ireo entana tao anaty kaontenera. Raha mandeha an-tsinjarany ilay entana alefa an-dranomasina, dia tsy maintsy omena ny anarana sy ny adiresin'ny toerana nikarakarana ireo entana ho "vonona haondrana an-tsambo". Eken'ny CBP ny laharana DUNS ho solon'ny anarana sy adiresy.

10. **Anarana/Adiresin'ny Mpampiditra Entana ao Anaty Kaontenera:** Anarana sy adiresin'ilay olona nampiditra ireo entana tao anaty kaontenera na nikarakara ny fampidirana entana tao anatiny. Raha mandeha an-tsinjarany ilay entana alefa an-dranomasina, dia tsy maintsy omena ny anarana sy ny adiresin'ilay olona namadika ireo entana ho "vonona haondrana an-tsambo" na ilay olona nandamina ny fikarakarana mba hahatonga ireo entana ho "vonona haondrana an-tsambo". Raha toa ka tsy nampiasa mpampiditra entana, ohatra hoe ho an'ireo entana "nafatratra tany amin'ny ozinina", dia omeo ny anarana/adiresin''ilay ozinina mpanamboatra (mpamatsy).

Takiana amin'ny fampidirana entana ataon'ilay mpanafatra entana ny fanomezana fampahalalana ampy momba ilay entana, mba hahafahany mahatafiditra sy mahafaka amin'ny fadintseranana ireo entana, sy mba hahafahan'ny CBP mamaritra ny habetsahan'ny sara sy haban-tseranana ary vola hafa tsy maintsy aloan'ny mpanafatra entana.

Atao amin'ny fomba elektrônika ny famenoana ny ISF amin'ny alalan'ny Automated Manifest System (AMS) na ny Automated Broker Interface (ABI) an'ilay sambo, izay ampiasain'ny mpanafatra entana rehetra. Tsy misy endriny vita printy an-taratasy izy io. Ny fanambaràna ISF iray dia misahana "fandefasana entana" tokana mankany amina "Mpanafatra Entana ISF" tokana izay tonga amina sambo/dia tokana. Mety hisahana faktioran'entana maro ny Fanambaràna ISF iray raha toa ireo entana ireo ka tafiditra amin'ilay andian'entana miaraka nalefa izay alefa mankany amin'ilay mpanafatra entana tokana efa voarakitra ihany ary miaraka tonga anaty sambo/dia iray ihany.

Azon'ny CBP atao ny tsy mamoaka na tsy mamindra ilay entana mandra-pahazoany ireo fampahalalana rehetra notakiana, ary mandra-pananany fotoana handinihina ny antontan-taratasy momba ilay entana sy hirosoany amin'izay rehetra mety ho fandinihana hafa ilainy.

### *Antontan-taratasy ilaina amin'ny Fanaovana Fanambaràna amin'ny Fadintseranana*

Tsy maintsy hita ao anatin'ny taratasy ilaina rehefa manao Fanambaràna amin'ny Fadintseranana ireto manaraka ireto: ny "manifest" na fampahalalana momba ny entana nentina sy ny lalana nitondrana azy (jereo ny fisy CBP Form 7533), na "Special Permit for Immediate Delivery" (fahazoan-dalana manokana ho an'ny entana avoaka avy hatrany vantany vao tonga) (jereo ny fisy CBP Form  3461) na ny taratasy hafa takian'ny seranana mba hahafahany mamoaka entana. Tsy maintsy hita ao anatin'ny antontan-taratasy ilaina rehefa manao fanambaràna amin'ny fadintseranana ireto manaraka ireto:

- Porofon'ny fahazoan-dalana hanao fanambaràna (oh: ny "connaissement" na ilay famato vita an-tsoratra omen'ny mpitatitra entana ho fanekena ny fitondrana entana ao anaty sambo, vita sonia ara-dalàna);
- Faktiora ara-barotra (na faktiora tombana (pro forma) raha toa ka mbola tsy azo ilay faktiora ara-barotra);
- Lisitry ny entana naondrana an-tsambo; ary
- Izay taratasy hafa rehetra ilaina ho famaritana raha toa azo ampidirina tokoa ilay entana na tsia (toy ireo taratasy fanamarinana na "certifications" takian'ny sampandraharahan'ny Governemanta Amerikana hafa).

Azo atao ihany koa ny mametraka ilay fanambaràna mivantana ao amin'ny fisy CBP Form 3461 mialoha ny hahatongavan'ny entana any Etazonia, mba hahazoana mamoaka avy hatrany ireo entana. Tsy maintsy ao anatin'ny 15 andro aorian'ny fahatongavan'ny entana nalefa nankany Etazonia, no ametrahana ny antontan-taratasy ilaina amin'ny fanaovana Fanambaràna amin'ny Fadintseranana.

Ny "entry summary" na Antontan-taratasy Fanambaràna Tsotsotra dia tsy maintsy apetraka miaraka amin'ny fandoavana ny haba ao anatin'ny 10 andro fiasana aorian'ny fanaovana fanambaràna, raha toa ka tsy nampiarahina tamin'ny Fisy Fanambaràna amin'ny Fadintseranana izany. Azo atao ihany koa ny mametraka io Entry Summary/Fanambaràna Tsotsotra io sady mandoa ny haba vinavinaina mandritra ny fotoana anaovana ny Fanambaràna. Hita ao anatin'ny Entry Summary/Fanambaràna Tsotsotra ny antontan-taratasy efa napetraka tamin'ny fotoana nanaovana fanambaràna sy ny fisy Entry Summary/ Fanambaràna Tsotsotra nofenoina tao amin'ny CF 7501. Tsy maintsy arahina ny fitandremana mety ny fanomezana ny fanambaràna atao ao amin'ny CF 7501, anisan'izany ny fanambaràna momba ny fanasokajiana, ny toerana niaviana, ary ny sandan'ilay entana. Mahavoasazy na mahatara ny famoahana ny entana ny tsy fitandremana rehefa mameno io taratasy io.

### Torohevitra 4 mba hifanaraka amin'ny ISF (Importer Security Filing)

1. **Fantaro ny entana alefanao mialoha ny handefasanao azy.** Fantaro hatrany am-boalohany ao anatin'ny dingana rehetra ilay laharana HTS mifanaraka amin'ny entana halefa, ary mihevera rafitra fanaovana fanasokajiana andrana ny entana.
2. **Fidio ny olona handefa ilay ISF, ary fantaro hoe amin'ny fomba ahoana.** Saintsaino ny fampiasana ilay safidy "Unified Entry" na Fanambaràna Tambatra.
3. **Fantaro ny mpiara-miasa rehetra ao anatin'ilay rojom-pamokarana.** Afaka mahita fampahalalana manan-danja maro ilay mpandefa entana.
4. **Takio hatrany am-boalohany ny fanangonana sy fanomezana ireo angona vaovao "10+2".** Ampio angon-kevitra ao anatin'ny taratasy fenoina efa misy. Oh: ireo taratasy manamarina ny fanafarana entana na "Bons de Commande," ireo taratasy fampahafantarana mialoha ny fandefasana entana, ireo faktioran'ny entana novidiana.

*Nalaina tao amin'ny: Importer Security Filing and Additional Carrier Requirements, "10+2" Program Update (2010)*

## INONA NO ATAO HOE FITANDREMANA METY?

### Fanontaniana Ankapobeny 5 Tokony Hapetraky ny Mpanafatra Entana amin'ny Tenany Manoloana ny Fandraharahana Rehetra Ataony

1. Afaka mamaky ireo fitsipika CBP ve ianao (Lohateny faha-19 amin'ny "Code of Federal Regulations"), ny "Harmonized Tariff Schedule of the United States" (HTS), ary ny lahatsoratra avoakan'ny "U.S. Government Printing Office" (GPO) momba ny fadintseranana sy ny fanapahan-kevitra tapaka? Ianao ve afaka miditra amin'ny tranonkalan'ny CBP, amin'ny "Customs Rulings Online Search Service" (CROSS), na amin'ny seha-pikarohana hafa, ahafahanao mametraka dingana azo antoka tsara sy manamora ny fanarahana ny didy aman-dalàn'ny fadintseranana?

2. Efa nisy tompon'andraikitra sy olona manam-pahalalana ao amin'ny toeram-piasanao ve nijery ny antontan-taratasy ho an'ny fadintseranana nomaninao na nomanin'ny manam-pahaizana manokana nalainao mba ho azo antoka fa ampy, feno ary marina tsara avokoa izy ireo? Raha toa ka ivelan'ny orinasanareo no nanomanana izany antontan-taratasy izany, manana rafitra mipetraka azo hianteherana ve ianareo, hahazoana antoka fa: ho azonareo ireo dika mitovy amin'ny fampahalalana nalefa tany amin'ny CBP, hohamarinina ny fahamarinan'ireo voalaza ao ary hampahafantarina avy hatrany ny CBP raha misy fanitsiana ilaina atao amin'izany?

3. Raha niantso manam-pahaizana manokana ianao hanampy anao amin'ny fanarahana ireo fepetra rehetra takian'ny fadintseranana, efa noresahanao mialoha tamin'io olona io ve ny fanafarana entana ataonao ary nampahafantarinao an'io olona io tamin'ny fahafenoany sy fahamarinany ve ny mombamomba ny fifanakalozana rehetra natao tao anatin'ilay fanafarana entana? Arahinao ve ny torohevitra avy amin'ilay manam-pahaizana manokana, ary raketinao an-tsoratra ve izany torohevitra izany?

4. Ianao ve manana fandaharan'asa sy dingana fampanarahana ny fepetra takian'ny fadintseranana efa mipetraka mba hiantohana fa mipetraka ara-dalàna ny fanambaràna amin'ny fadintseranana nataonao ? Azon'ny mpiasa rehetra tafiditra ao anatin'ny dingan'ny fanafarana entana hidirana ve izy ireny?

5. Samihafa ve ny fomba fandraisana an-tanana ny fifanakalozana na entana mitovy eny amin'ny seranan-tsambo samihafa, na ao anatin'ny "Centre d'Excellence et d'Expertise" na ireo ivotoerana mpanome tohana mitovy? Raha eny, moa ve efa noresahanao tamin'ireo mpiasan'ny CBP tokony hiantefany izany resaka izany?

Io lisitra eo ambony io dia avy amin'ny famoahana nataon'ny CBP hoe "What Every Member of the Trade Community Should Know: Reasonable Care", (Septambra 2017), Famoahana momba ny Fanaraham-pitsipika mifototra amin'ny Fahalalana. Raha mila fanazavana fanampiny dia jereo ny https://www.cbp.gov/sites/default/files/assets/documents/2020-Feb/icprescare2017revision.pdf

### *Fandoavana ny Haba*

"Estimated duties" na haba tombana no iantsoana ny haba naloa tamin'ny fotoana nanaovana fanambaràna satria tsy mbola ireo no tombana faran'ny haba tsy maintsy haloa ataon'ny CBP. Mijanona ho "non liquidé" (tsy mbola voaloa) ny fanambaràna natao mandritra ny 314 andro. Azon'ilay mpanafatra entana na ny CBP amboarina hatrany ireo fampahalalana momba ny Fanambaràna mandra-pifaran'ny fanambaràna ("liquidé (voaloa)"). Rehefa mifarana izay kajy izay, ny mpanafatra entana dia mety hahazo ampaham-bola miverina aminy raha toa ka nihoatra ny haba efa naloany, na hasaina mandoa vola fanampiny raha toa ka tsy ampy izany.

Raha te-hanohitra ny fanombanana haba nataon'ny CBP kosa ilay mpanafatra entana, dia tsy maintsy mametraka fanoherana momba izany izy ao anatin'ny 180 andro manaraka ny fahavitan'ny kajin'ny haba hatramin'ny farany na "liquidation".

Mijanona ho tompon'andraikitry ny kajin'ny haba vitany ny CBP, raha tsy hoe nisy fandikan-dalàna nitranga, toy ny fanambaràna diso ao anatin'ny taratasy Fanambaràna amin'ny Fadintseranana. Ireto avy no afaka mandefa taratasy fanoherana :

a) Ny mpanafatra na ny mpandray entana, araka izay misoratra eo amin'ny taratasy fanambaràna, na ny mpiantoka azy;
b) Ny olona izay mandoa vola na mampandoa vola;
c) Ny olona izay mikasa handefa entana na haka entana; na
d) Ny iraka nahazo alalana avy amin'ireo olona voatanisa eo ambony ireo.

Ny fisy CBP Form 19 no fenoina amin'izany. Hita ao anatin'izy io ny hoe inona avy no azo toherina, iza avy no afaka manohitra, rahoviana ary aiza no hametrahana ny fanoherana.

### *Ireo karazana famoahana entana eo amin'ny fadintseranana*

Mety anaovana fanambaràna ireo entana mba hatao sakafo, anaovana fanambaràna mba hatoby ao amin'ny seranan-tsambo nahatongavana na mba hafindra avy amin'ny seranan-tsambo nahatongavana mankany amin'ny seranan-tsambo hafa hiaingany indray. Ny ankamaroany dia fanambaràna ho an'ireo entana hatao sakafo.

### *Fitehirizana ireo antontan-taratasy*

Takian'i Etazonia amin'ny olona rehetra manafatra entana mankany aminy ny fitehirizana ireo antontan-taratasy sy ny fampisehoana azy ireo mba hanaovana fizahana sy fisafoana. Voakasik'izany ireo rakikevitra rehetra efa mahazatra ny mitahiry azy amin'ny fizotry ny fandraharahana. Tafiditra ao anatin'izany ireto antontan-taratasy manaraka ireto saingy tsy voafetra ho ireto ihany :

- "Entry summary" na Fanambaràna Tsotsotra
- Ny fampahalalana momba ny antoka ara-bola
- Ny taratasy rehetra nifandraisana
- Ireo "Décisions Contraignantes"
- Ny taratasy fanamarinana ny fiaviana
- Ny faktiora nividianana ny entana na faktiora tombana (pro forma)
- Ny lisitry ny entana (liste de colisage)
- Ny taratasy milaza mazava ny entana na "Manifeste"
- Ny "Connaissement" na famato vita an-tsoratra omen'ny mpitatitra entana ho fanekena ny fitondrana entana ao anaty sambo.

Tsy maintsy tehirizina mandritra ny dimy taona taorian'ny nanaovana fanambaràna ireo entana ireny antontan-taratasy ireny. Mety hangatahan'ny CBP ho zahana ireny antontan-taratasy ireny, ary tsy maintsy omena ny CBP "ao anatin'ny fe-potoana mifanaraka amin'ny fotoana nandraisana ny fangatahana."

## 2.2 Fanasokajiana entana araka ny Rafitra Mirindra Fanoritsoritana sy Fanomeza-marika ny Entana

**Singa Manan-danja Hampidirana Entana Amim-pahombiazana**

1. Fanasokajiana entana
2. Fisandana entana
3. Firenena niaviana
4. Fahafenoana fepetra

Ny entana rehetra alefa any Etazonia dia andoavana haba na tsy andoavana haba, miankina amin'ny sokajy misy azy. Etazonia dia mampiasa ny Rafitra Mirindra Fanoritsoritana sy Fanomeza-marika ny Entana (Système Harmonisé na SH), mba hanasokajiana ny entana. Manome fomba fanasokajiana entana iraisan'ny entana rehetra ho an'ny firenena rehetra ny SH. Manan-kery any amin'ny firenena maherin'ny 200 isa izy io, anisan'izany Etazonia sy ny ankamaroan'ny firenena ao Afrika. Ireo tarehimarika 6 voalohany ao anatin'ny SH dia fampiasa amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Ny tarehimarika faha-7 sy faha-8 kosa dia ampiasain'ny firenena samihafa. Any Etazonia, ny tarehimarika faha-9 sy faha-10 kosa dia ampiasaina ho an'ny antontan'isa.

Azo jerena ao amin'ity rohy ity ny Lisitry ny Lazam-bidy Mirindra na "Liste Tarifaire Harmonisé/Harmonized Tariff Schedule" ampiasaina any Etazonia amin'izao fotoana izao: https://hts.usitc.gov/current. Tahaka ity aseho manaraka ity ny santionan'ny takila hita ao amin'ny HTSUS.

**Harmonized Tariff Schedule of the United States (2020) Revision 19**
Annotated for Statistical Reporting Purposes

IV
20-26

| Heading/ Subheading | Stat. Suf-fix | Article Description | Unit of Quantity | Rates of Duty 1 General | Rates of Duty 1 Special | 2 |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 2008 (con.) | | Fruit, nuts and other edible parts of plants, otherwise prepared or preserved, whether or not containing added sugar or other sweetening matter or spirit, not elsewhere specified or included: (con.) | | | | |
| | | Other, including mixtures other than those of subheading 2008.19: | | | | |
| 2008.91.00 | 00 | Palm hearts | kg | 0.9%[2] | Free (A, AU, BH, CA, CL, CO, D, E, IL, JO, KR, MA, MX, OM, P, PA, PE, S, SG) | 35% |
| 2008.93.00 | 00 | Cranberries (*Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccos, Vaccinium, vitis-idaea*) | kg | 4.5%[1] | Free (A, AU, BH, CA, CL, CO, D, E, IL, JO, KR, MA, MX, OM, P, PA, PE, S, SG) | 35% |
| 2008.97 | | Mixtures: | | | | |
| 2008.97.10 | | In airtight containers and not containing apricots, citrus fruits, peaches or pears | | 5.6%[1] | Free (A+, AU, BH, CA, CL, CO, D, E, IL, JO, KR, MA, MX, OM, P, PA, PE, S, SG) | 35% |
| | 20 | Prepared cereal products | kg | | | |

Araka ny voasoratra, ao amin'ny tsanganana I sy 2 amin'ny HTSUS no ahitana ny tahan'ny haba. Ny tsanganana I dia mizara roa: Taha ankapobeny (ireo taha mahazatra eo amin'ny sehatry ny varotra) sy ny taha manokana (afakaba na mihena ny haba vokatry ny fandaharanasa manokana). Ireo entana manana sata omen-tombon-dahiny amin'ny AGOA dia marihina amin'ny "D" ao anatin'ny tsanganana "taha manokana," na faritana araka ny fitsipika manokana mifehy ny lamba sy ny fitafiana ao amin'ny Toko faha-98 amin'ny HTSUS. Ny tsanganana faha-2 dia mamaritra ny tahan'ny haba takiana amin'ny firenena izay tsy misitraka ny satan'ny firenena nomen-tombon-dahiny amin'ny fandoavana haba. Mihatra amin'I Cuba sy Korea Avatra ireny taha ireny ankehitriny.

Ny fanapahan-kevita navoakan'ny CBP any Etazonia ihany koa dia tokony hojerena raha toa misy mampisalasala momba ny Fanasokajiana entana iray araka ny tokony ho izy. Azo karohana ao amin'ity rohy ity izany ([https://rulings. cbp.gov/](https://rulings.cbp.gov/)). Anisan'ny fitaovana hafa ilaina ihany koa ny fitaovana fikarohana momba ny entana ao amin'ny [https://hts.usitc.gov/](https://hts.usitc.gov/), sy ny fitaovana fianarana hita ao amin'ny [www.usitc.gov/elearning/ hts/menu.](www.usitc.gov/elearning/hts/menu)

## 2.3 Ny Fisandana Entana

Ny fomba fisandana entana fampiasa indrindra dia ny fampiasana ny sandan'ny fifanakalozana. Ny sandan'ny fifanakalozana an'ireo entana nafarana dia ilay vidiny tena naloa na azo aloa ho an'ireo entana ireo rehefa hamidy izy ireo mba haondrana mankany Etazonia, miampy ny tetibidin'ireo singa sasany mbola tsy tafiditra ao anatin'ny vidiny. Mety ho tafiditra ao anatin'izany sarany fanampiny izany ireto manaraka ireto :

- Vola lanin'ny mpividy tamin'ny namonosana entana ;
- Vola naloan'ny mpividy, miankina amin'ny isan-jaton'ny varotra ;
- Sandan'ny fanampiana isan-karazany (toy ny lasitra) ;
- Tataon-ketra na vola naloa mba ahazoana fahazoan-dalana, izay tsy maintsy aloan'ny mpividy ho toy ny fepetry ny varotra ; ary
- Ny vola niditra tamin'ny mpivarotra avy tamin'ny fandraharahana ara-barotra, na avy tamin'ny fivarotana, na fanariana, na fampiasana ireo entana nafarany.

Ilay vidiny tena naloa na azo aloa ho an'ilay entana nafarana dia ny fitambaran'ny vola aloa rehetra aloan'ny mpividy amin'ny mpivarotra, saingy ialan'ny saram-pandefasana entana avy any ivelany, ny saram-piantohana ary ireo vola CIF hafa. Amin'ny ankapobeny izy io dia ny sora-bola hita eo amin'ny faktiora.

Amin'ny fotoana tsy ahafahana mampiasa ny sandan'ny fifanakalozana (toy ny amin'ny fifanakalozana misy ankolafy mifandray), dia misy fomba fisandana entana hafa azo ampiasaina. Mety ho anisan'izany ny:

- Sandan'ny fifanakalozana ho an'ny entana mitovy na manahaka;
- "Valeur déductive" (ny saran'ny famarotana azy any Etazonia anesorana ny vola sasany lany taminy);
- Sanda voakajy na "Valeur calculée" (saran'ny fitaovana, ny fanodinana, ny vola lany tamin'ny ankapobeny sy ny tombony); na
- "Méthode de repli" (fomba hafa azo ampiasaina).

## 2.4 Famaritana ny Firenena niaviana

Izao no fitsipika ankapobeny: ilay vokatra dia raisina ho vokatra avy tao amin'izay firenena nambolena azy, nanamboarana na nanodinana azy, NA tao amin'izay firenena nanaovana ny ankamaroan'ny famadihana azy (nanomezana anarana vaovao, endrika vaovao, na fomba fampiasana azy vaovao). Ny toerana niaingan'ilay entana hafarana mankao amin'ny fadintseranan'i Etazonia dia mety misy akony amin'ny tahan'ny haba alaina aminy, amin'ny fahazoana misitraka ireo fandaharanasa manokana, amin'ny fahafahan'ny entana miditra, amin'ny fetran'ny fatran'ny entana azo raisina (quotas), amin'ny haba "antidumping" sy "compensateurs", amin'ny fividianana entana ataon'ireo sampandraharaham-panjakana sy ireo fepetra takiana amin'ny fametahana marika.









Misy karazana fitsipika fototra roa mifehy ny fiavian'ny entana :

**"tsy nahazoan-tombon-dahiny"** sy **"nahazoan-tombon-dahiny."**

**Ny fitsipiky ny fiavian'ny entana "Tsy nahazoan-tombon-dahiny"** amin'ny ankapobeny dia mihatra amin'ny fepetra takiana amin'ny fametahana ny firenena niaviana, izay mitaky fa ny entana rehetra novokarina tany ivelany ka aondrana mankao Etazonia dia tsy maintsy asiana ny anaran'ny firenena niavian'ny entana (ilay firenena nambolena, nanamboarana na namokarana ny entana) amin'ny teny Anglisy, mba hamantaran'ilay mpividy entana any Etazonia hoe taiza ny firenena nanamboarana na namokarana ilay entana. Misy entana sasany tsy hitakiana izany fametahana mariky ny firenena niaviana izany; kanefa raha izay no mitranga, dia tsy maintsy marihana eo amin'ny kaontenera misy ireo entana izay ho raisin'ny mpividy any Etazonia ireo, ny anaran'ny firenena niavian'ireo entana, amin'ny teny Anglisy.

**Ny fitsipiky ny fiavian'ny entana "Nahazoan-tombon-dahiny"** mihatra amin'ireo entana miditra ao Etazonia eo amin'ny sehatry ny fifanarahana ara-barotra na didy aman-dalàna manokana, toy ny SGP na "Système Généralisé des Préférences" na ny AGOA na "African Growth and Opportunity Act" (AGOA). Amin'ny ankapobeny, ireny fitsipika ireny dia miorina amin'ny fanakambanana ny fitsipika tsy nahazoan-tombon-dahiny (firenena nanamboarana, namokarana, na nambolena NA ny firenena nanaovana ny ankamaroan'ny famadihana ilay vokatra) amin'ny habetsahan'ny sanda farany ambany. Ny fanaovana ny ankamaroan'ny famadihana ilay vokatra dia mitaky famoronana entana vaovao mitondra anarana hafa, manana toetoetra hafa sy fomba fampiasana azy hafa. Ho an'ny GSP kosa, izay manafatra ny vokatra hahodina ao amin'ilay firenena mpisitraka avy any ivelany, dia tsy maintsy misy fanaovana ny ankamaroan'ny famadihana ilay vokatra eo amin'ilay firenena, ary ny tontalin'ny saran'ilay vokatra novokarina miampy ny vola lany tamin'ny fanodinana azy, dia tsy maintsy mira farafahakeliny 35%-n'ny sandan'ilay vokatra nampidirina tany Etazonia. Aseho amin'ny sary etsy ambany ny ampahany nalaina tamin'ny Fanamarinana ny Fiaviana an'ny SGP: GSP Certificate of Origin.

| | |
|---|---|
| **1.** Goods consigned from (Exporter's business name, address, country) | Reference No<br>**GENERALIZED SYSTEM OF PREFERENCES**<br>**CERTIFICATE OF ORIGIN**<br>**(Combined declaration and certificate)**<br>**FORM A**<br>Issued in ............................................<br>(country)<br>See notes overleaf |
| **2.** Goods consigned to (Consignee's name, address, country) | |
| **3.** Means of transport and route (as far as known) | **4.** For official use |

| **5.** Item number | **6.** Marks and numbers of packages | **7.** Number and kind of packages, description of goods | **8.** Origin criterion (see Notes overleaf) | **9.** Gross weight or other quantity | **10.** Number and date of invoices |
|---|---|---|---|---|---|

Mitovy ny fitsipiky ny AGOA ho an'ny vokatra ankoatry ny lamba, kanefa afaka ampidirina ao anatin'ny AGOA (hatramin'ny 15% amin'ny sandany) ny vokatra Amerikana. Misy fitsipika manokana mifehy ny firenena niavian'ny entana ihany koa ho an'ny lamba sy ny fitafiana, hita ao amin'ny Toko faha-98, Zana-toko faha-XIX ao amin'ny HTSUS.

### *Fahafahan'ny entana miditra*

Misy fotoana mety voarara na tsy mahazo miditra any Etazonia ny etana sasany. Raha izay no mitranga dia lavin'ny CBP ny fampidirana amin'ny sisintany ny entana voarara. Mety ho voafetra ihany koa ny fampidirana ny entana sasany noho izany dia ilàna fahazoan-dalana ny fampidirana azy any Etazonia. Hotakian'ny CBP eo am-pidirana ny sisintany ny fahazoan-dalana tandrify izany.

Ny Sampandraharaham-panjakana Amerikana hafa, toy ny FDA na Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody sy ny USDA na Departemanta Amerikana Misahana ny Fambolena no mamaritra ireo entana hafa voafetra.

FAMINTINANA


Ny fidirana amin'ny tsena Amerikana dia mitaky ny fanarahana ny dingan'ny fidirana amin'ny tsena avy amin'ireo mpanondrana sy mpanafatra entana mba ahazoana antoka fa misosa tsara avokoa ny fampidirana ny entana eo am-pahatongavana.

### *Lisitr'ireo Taratasy Tsy Maintsy Omanina Rehefa Hampiditra Entana amin'ny Tsena*

Maro ireo taratasy tsy maintsy omanina ao anatin'ny dingana fampidirana entana amin'ny tsena, araka ny voalaza etsy ambony. Ireto avy izy ireo raha fintinina :

- ☐ "Déclaration Sommaire" na Fanambaràna Tsotsotra (Fisy CBP : Form 7501)
- ☐ Porofon'ny Fahazoan-dalana hampiditra entana ("Connaissement" na famato vita an-tsoratra omen'ny mpitatitra entana ho fanekena ny fitondrana entana ao anaty sambo)
- ☐ Porofon'ny Antoka amin'ny Fadintseranana (CBP Form 301)
- ☐ Faktiora nividianana ny entana
- ☐ Lisitry ny entana na "liste de colisage" (mampiseho ny habetsahany, ny tarehimariky ny code HTS, ny fanorotsoritana ny momba ilay entana, ny vidin'ny singany iray, ny totalim-bidiny)
- ☐ Taratasy hafa mamaritra ny fahafahana mampiditra ilay entana (taratasy fahazoan-dalana, alalana ho an'ny karazana vokatra manokana)

Raha mila fanazavana fanampiny dia tsidiho ny : https://www.cbp.gov/newsroom/publications/forms



# FIZARÀNA FAHA-3: NY FANONDRANANA VOKAM-PAMBOLENA NA SAKAFO SY ZAVA-PISOTRO MANKANY ETAZONIA

## TANJONA

Tanjona amin'ny **Fizaràna faha-3**, *Fanondranana Vokam-pambolena na Sakafo sy Zava-pisotro Mankany Etazonia*, ny hanome fampahalalana manokana kokoa momba ireo fepetra takiana amin'ny fampidirana amin'ny tsena Amerikana ny vokam-pambolena, ny sakafo, ary ny zava-pisotro.

## VOKATRA ANDRASANA

- Mitombo ny fahatakarana momba ny sehatra voafetran'ny lalàna ankapobeny mikasika ny fampidirana vokam-pambolena, sakafo sy zava-pisotro mankany Etazonia ;
- Mahazo fahalalana momba ny toerana aleha rehefa hisoratra anarana ao amin'ny FDA na "Food and Drug Administration" ;
- Mitombo ny fahalalana momba ny fepetra manokana takiana amin'ny fanafarana vokam-pambolena, sakafo, ary zava-pisotro ;
- Mitombo ny fahafantarana ireo fepetra takian'ny tsena Amerikana amin'ny fametahana etikety amin'ny sakafo.

### *Ireo Sampandraharaha Amerikana hafa Voakasiky ny Sehatra Fanondranana Entana*

Ny fanafarana vokam-pambolena sy vokatra ara-tsakafo mankany Etazonia dia mitaky ny fanarahana ireo fitsipika apetraky ny Sampandraharaham-panjakana Amerikana hafa ankoatry ny "Customs and Border Protection." Ny CBP no mampihatra ny lalàna avy amin'ireny sampandraharaha ireny eny amin'ny sisin-tany. Ireto avy ireo sampandraharaha voakasik'izany: ny FDA (U.S. Food and Drug Administration) na Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fitantanana ny Sakafo sy ny Fanafody, ny USDA (U.S. Department of Agriculture) na Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fambolena, ary ny EPA (U.S. Environmental Protection Agency) na Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fiarovana ny Tontolo Iainana. Tafiditra ao anatin'ny USDA ihany koa ny APHIS (Animal and Plant Health Inspection Service) na Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fizahana ny Fahasalaman'ny Biby sy Zava-maniry, sy ny FSIS (Food Safety and Inspection Service) na Sampandraharaha Amerikana Misahana ny Fiarovana sy ny Fanarahamaso ny Sakafo.

## INONA NO HITA ATO AMIN'ITY FIZARANA ITY?

3.1 Fisoratana anarana amin'ny FDA
3.2 Fepetra takiana amin'ny fanoratana ny etikety momba ny sakafo
3.3 Ny FSMA
3.4 Famaritana ny firenena niaviana

## 3.1 Fisoratana anarana ao amin'ny FDA

Ny "Bioterrorism Preparedness and Response Act (BTA) (2002) na Lalàna momba ny Fiomanana sy ny Fiatrehana ny Fampihorohoroana amin'ny Alalan'ny Fampidirana Singa Biôlôjika Manimba, dia misahana ny sakafo rehetra na ho an'olombelona na ho an'ny biby. Araka ny Lalàna mifehy ny "Bioterrorisme", ny orinasa rehetra, na vahiny na eo an-toerana, izay mandray eo am-pelatanany sakafo natao hohanin'olombelona na hohanin'ny biby any Etazonia, dia tsy maintsy manoratra anarana ao amin'ny FDA avokoa. Ny orinasa rehetra izay manamboatra, manodina, mamono, manisy etikety, na mitahiry sakafo, dia tsy maintsy misoratra ao anatin'ny FDA. Ny fisoratana anarana dia tsy midika ho fahazoan-dalana na fankatoavana, fa maneho tsotra fotsiny ihany hoe nampidirinao ao anatin'ny FDA ny mombamomba ny orinasanao, amin'izay ny FDA afaka miantso anao hatrany raha toa misy hamehana ara-tsakafo.

Ny orinasa any ivelany dia tsy maintsy manendry mpanalalan-draharaha Amerikana hisahana ny serasera mahazatra sy anaty hamehana, miaraka amin'ny FDA. Ny orinasa izay mikirakira sakafo mivantana ihany no tsy maintsy misoratra anarana amin'izany. Tsy voatery misoratra anarana kosa ny orinasa mpivarotra sakafo, ny orinasa mpitatitra, ny toeram-piompiana, ny toeram-pivarotana sakafo, ny sambo mpanjono izay tsy manodina sakafo ao anaty sambo, ary ny orinasa izay efa ao ambany fifehezan'ny USDA tanteraka. Tsy andoavam-bola ny fisoratana anarana sy ny fanavaozana ny fisoratana anarana, raha tsy hoe mifidy hanarama orinasa manam-pahaizana manokana hanampy amin'ny dingana fisoratana anarana ilay orinasa (i.e., mpiasan'ny Fanafaran'entana ao Etazonia na ny "Registrar Corp").

### *Fampahafantarana mialoha*

Takian'ny BTA ihany koa ny fampahafantarana mialoha momba ny sakafo entina an-dranomasina mankany Etazonia. Tsy maintsy arahana io dingana io na dia santionany amin'ny sakafo fotsiny aza no nalefa. Raha tsy voahaja izany dia hogiazana eo amin'ny seranana ireo vokatra. Ato amin'ity rohy ity no ahitana ny toromarika momba ny fisoratana anarana: https://www.fda.gov/food/importing-food-products-united-states/quick-start-guide-prior-notice-food-articles-prior- notice-system-interface-pnsi.

Tafiditra ao anatin'ny dingana fampahafantarana mialoha ny fandefasana ny fampahalalana momba ny entana nalefa sy ilay orinasa nandefa. Ireto avy kosa no afaka mandefa ilay fampahafantarana mialoha: ny mpandefa entana, ny mpanafatra entana, na olon-kafa ankoatra azy ireo. Tsy andoavam-bola ny fandefasana ilay fampahafantarana mialoha momba ny sakafo nafarana. Tsidiho ity rohy ity raha mila fanazavana fanampiny momba ny fampahafantarana mialoha ianao : [https://www. fda.gov/food/importing-food-products-united- states/prior-notice-imported-foods](https://www.fda.gov/food/importing-food-products-united-states/prior-notice-imported-foods).

### *Fanoratana ny anaran'ny orinasa mpamokatra sakafo*

Ny "Food Safety Modernization Act" (FSMA) (2011) na Lalàna momba ny Fanavaozana ny Fiarovana Ara-tsakafo, dia mitaky fampahalalana fanampiny avy amin'ireo orinasa misehatra amin'ny famokarana sakafo hohanina any Etazonia. Ao anatin'izany ny fanoratana ny anaran'ireo orinasa misehatra amin'ny sakafo avy any ivelan'i Etazonia, ary ny fanomezana alalana ny FDA hizaha ireo orinasa vahiny misehatra amin'ny sakafo. Tanjon'ny FSMA ny hanaovana izay hahazoana antoka fa azo antoka ny famatsiana ara-tsakafo any Etazonia, amin'ny alalan'ny famindrana ny fifantohan'ny Sampanasa Federaly Misahana ny Fampanarahana Fepetra hiala amin'ny fandraisana an-tanana ny fahalotoan'ny sakafo hifindra mankany amin'ny fisorohana izany.

Tsy maintsy havaozin'ny orinasa isaky ny roa taona ny fisoratana anarana nataony tao amin'ny FSMA, ary amin'ny taona "paire" no hanaovany izany, eo anelanelan'ny 1 Oktobra hatramin'ny 31 Desambra. Tafiditra ao anatin'ny dingana fanavaozana ny tsy maintsy hanehoan'ny orinasa ny fanekeny ny fizahana ataon'ny FDA "amin'ny fotoana sy amin'ny alalan'ny fomba eken'ny Federal Food, Drug, and Cosmetic Act (lalàna federaly mifehy ny sakafo, ny fanafody ary ny vokatra fikarakarana tarehy sy bika)." Esorina tao anatin'ny banky angon'ny FDA ny fisoratana anarana izay tsy nohavaozina ara-potoana, izay mitarika amin'ny tsy fahazoana mandefa entana mankany Etazonia.

Misy dingana roa fanaraha-maso ao anatin'ny "FDA's Final Rule for Food Facility" na fitsipika farany mifehy ny orinasa misehatra ara-tsakafo ao anatin'ny FDA. Raha ivelan'i Etazonia ilay orinasa, dia handefasan'ny FDA mailaka miaraka amin'ny kaody manamarika fa voaray ilay fisoratana anarana, mankany amin'ilay mpanalalan-draharaha Amerikana notendren'ilay orinasa. Tsy maintsy miditra ao anatin'ny "FDA's Unified Registration and Listing System" (FURLS) na rafitra fisoratana anarana iombonana ao anatin'ny FDA ilay mpanalalan-draharaha Amerikana, miditra amin'ilay "interface," mampiditra ilay kaody manamarika fa voaray ilay fisoratana anarana, ary manaiky ny fanendrena azy ho mpanalalan-draharaha Amerikana. Raha olon-kafa ankoatry ny mpandefa sy mpanafatra entana kosa no manao ny fisoratana, fanavaozana na fanafoanana anarana, dia mandefa kaody manamarika fa voaray ilay fisoratana anarana ny FDA, amin'ny alalan'ny mailaka mankany amin'ny tompon'ilay orinasa, na ny mpiandraikitra izany, na any amin'ilay mpanalalan-draharaha misolotena ilay orinasa. Ny tompony, mpiandraikitra, na mpanalalan-draharaha misolotena ilay orinasa dia tsy maintsy miditra ao anatin'ny FURLS, manokatra ny "interface," mampiditra ilay kaody, ary manome alalana ny fisoratana anarana nataon'ilay olon-kafa. Inoan'ny FDA fa ireny dingana fanarahamaso ireny dia hanampy azy hanamarina fa nahazo alalana tokoa ilay mpanalalan-draharaha hanoratra ny anaran'ilay orinasa, ary nanaiky ny fanendrena azy ilay mpanalalan-draharaha Amerikana.

| Antontanisan'ireo orinasa misoratra ao amin'ny FDA | | | |
|---|---|---|---|
| **Firenena** | **Isan'ny nisoratra anarana** | | **Delta** |
| | **Janoary 2016** | **Febroary 2017** | |
| **Aostralia** | 1,656 | 1,140 | (-31%) |
| **Botswana** | 2 | 1 | (-50%) |
| **Inde** | 4,087 | 3,224 | (-21%) |
| **Madagasikara** | 121 | 90 | (-26%) |
| **Namibia** | 12 | 7 | (-42%) |
| **Afrika Atsimo** | 1,004 | 797 | (-31%) |
| **Zimbabwe** | 11 | 9 | (-18%) |

*Nalaina tao amin'ny: Registrar Corp, Aogositra 2020*

### *"Food Canning Establishments" (FCE) na Ivotoerana Misahana Ny Sakafo Ambifotsy Fisoratana anarana*

Asain'ny FDA misoratra anarana amin'ny "Food Canning Establishment" (FCE) ny orinasa mamokatra sakafo afaka tehirizina maharitra na ivelan'ny vata fampangatsiahana aza, tsara fono sady tsy azon-drivotra, sakafo ambifotsy misy tahan'ny asidra kely na be ao anatiny. Etsy andanin'izany, ny mpamokatra ireo sakafo ireo dia tsy maintsy mandefa taratasy any amin'ny FDA hatrany ao anatin'ny dingana tsirairay avy ampiasaina ao anatin'ny famokarana ny sakafo fehezin'ireo fepetra ireo. Omena tarehimarika famantarana tokana antsoina hoe "Submission Identifier" (SID) izay nahavita nisoratra anarana. Ny SID no kaody tsy maintsy ampiasaina amin'ny "Affirmation of Compliance" (AofC) na porofo manamarina fa mifanaraka amin'ny fepetra ny entana, rehefa hampidirina any Etazonia.

(Registrar Corp, 2020, www.fcewizard.com).
Natokana ho an'ny sakafo ambifotsy io fepetra io, na anaty tavoahangy, na anaty fonosana kely malefaka na mafimafy.

**Ny sakafo misy tahana asidra ambany** dia ahitana pH betsaka noho ny 4.6 (ary misy vokatra sasany vita amin'ny voatabia ahitana > 4.7). Etsy andanin'izany, ny "activité hydrique" (aw) dia lehibe kokoa noho ny 0.85. Anisan'ny mahazatra ny oliva maintso milona anaty ranon-tsira, ny "artichauts", ny aviavy milona anaty ranon-tsiramamy ary ny "poivron" nendasina.

**Ny sakafo misy tahana asidra ambony** dia ahitana pH latsaka na mitovy amin'ny 4.6, sy "activité hydrique" (aw) lehibe kokoa noho ny 0.85.

### Torohevitra 5 manan-danja rehefa misoratra anarana amin'ny FCE na "Food Canning Establishment"

1. Tsy maintsy mifanaraka amin'ny fampahalalana nosoratana tany amin'ny sampandraharaha misahana ny sakafo, ny fampahalalana misoratra ao amin'ny FCE.
2. Takiana ny fandefasana ny dingana arahana (aka "SIDs") ho an'ny entana sy ny fonosana tsirairay avy.
3. Ataovy azo antoka fa narahana tsara ireo dingana fisoratana anarana amin'ny FDA (hizaha ny fampahalalana izy ireo rehefa hanao fizahana).
4. Raha mila fanazavana fanampiny ianao na te-hamantatra raha toa fehezin'ny lalàn'ny FCE-SID ny entanao, dia jereo ny : www.fcewizard.com. Hahazo tatitra miseho amin'ny endrika PDF ianao, mirakitra ny antsipirian'ny fepetra mety ho takiana. Mba hanamarinana raha toa ny SID iray efa misoratra ao anatin'ny angon'ny FDA ary ho fisorohana ny fanagiazana entana mandany fotoana sy ny hadisoana amin'ny fanaovana fanambaràna eny amin'ny seranana, dia jereo ny www.sidverifier.com

## 3.2 Fepetra takiana amin'ny fametahana etikety momba ny sakafo

Misy fepetra manokana takiana amin'ny fametahana ny etikety momba ny sakafo ho an'ireo sakafo ampidirina any Etazonia. Jereo ao anatin'ity rohy manaraka ity ny fampahafantarana momba izany https://www.fda.gov/regulatory- information/search-fda-guidance-documents/ guidance-industry-food-labeling-guide.

Giazana ao amin'ny seranana ny entana raha toa tsy manaraka izany fitsipika izany. Namoaka fitsipika roa ny FDA tamin'ny 27 Mey 2016, izay nanavaozana ny lisitry ny otrikaina soratana eo amin'ny fonon-tsakafo, ny fatra indray mihinana isan'olona, sy ny maro hafa.

Ohatra :

- Tsy maintsy soratana ny momba ny vitamina D, potasioma, ary siramamy
- Manan-tsafidy hanoratra na tsia ny vitamina A sy C kosa ny olona
- Afaka tsy soratana intsony ny kaloria azo avy amin'ny menaka
- Misy famaritana vaovao ho an'ny teny hoe "fibra mahasalama"
- Misy singa vaovao ho an'ny vitamina D, "niacine", vitamina A, vitamina E ary ny "acide folique"

Jereo etsy ambany ohatra ny fampitahana ny sarin'ireo fitanisana otrikaina taloha sy ankehitriny:

### Endriny taloha

**Nutrition Facts**
Serving Size 2/3 cup (55g)
Servings Per Container About 8

| Amount Per Serving | |
|---|---|
| **Calories** 230 | Calories from Fat 72 |
| | **% Daily Value*** |
| **Total Fat** 8g | **12%** |
| Saturated Fat 1g | **5%** |
| *Trans* Fat 0g | |
| **Cholesterol** 0mg | **0%** |
| **Sodium** 160mg | **7%** |
| **Total Carbohydrate** 37g | **12%** |
| Dietary Fiber 4g | **16%** |
| Sugars 1g | |
| **Protein** 3g | |
| Vitamin A | 10% |
| Vitamin C | 8% |
| Calcium | 20% |
| Iron | 45% |

* Percent Daily Values are based on a 2,000 calorie diet. Your daily value may be higher or lower depending on your calorie needs.

| | Calories: | 2,000 | 2,500 |
|---|---|---|---|
| Total Fat | Less than | 65g | 80g |
| Sat Fat | Less than | 20g | 25g |
| Cholesterol | Less than | 300mg | 300mg |
| Sodium | Less than | 2,400mg | 2,400mg |
| Total Carbohydrate | | 300g | 375g |
| Dietary Fiber | | 25g | 30g |

### Endriny vaovao

**Nutrition Facts**
8 servings per container
**Serving size 2/3 cup (55g)**

| Amount per serving | |
|---|---|
| **Calories** | **230** |
| | **% Daily Value*** |
| **Total Fat** 8g | **10%** |
| Saturated Fat 1g | **5%** |
| *Trans* Fat 0g | |
| **Cholesterol** 0mg | **0%** |
| **Sodium** 160mg | **7%** |
| **Total Carbohydrate** 37g | **13%** |
| Dietary Fiber 4g | **14%** |
| Total Sugars 12g | |
| Includes 10g Added Sugars | **20%** |
| **Protein** 3g | |
| Vitamin D 2mcg | 10% |
| Calcium 260mg | 20% |
| Iron 8mg | 45% |
| Potassium 235mg | 6% |

* The % Daily Value (DV) tells you how much a nutrient in a serving of food contributes to a daily diet. 2,000 calories a day is used for general nutrition advice.

Ny fanovana teo amin'ny fametahana etikety fitanisana singa mpamelona dia mifandray amin'ny fitakiana ny filaharan'ireo singa mpamelona, ny fanampiana fanamarihana eny ambany, ny haben'ny soratra fitanisana singa mpamelona, ary ny fatran'ny vitamina sy mineral takiana.


Nohavaozin'ny FDA ny "Daily Reference Value ("DRV") na Singa mpamelona mitondra hery fiasana ilain'ny vatana anatin'ny iray andro, sy ny "Reference Daily Intake" ("RDI") na ny Vitamina sy mineraly ilain'ny vatan'ny olona iray ao anatin'ny iray andro, toy ny :

Totalin'ny menaka (78g)
Totalin'ny gliosida (275g)
Sodioma (2300mg) Potasioma (4700mg)
Diontsokay (1300mg)
Fibra mahasalama (28g)

Nofaritan'ny FDA ho 50g ny DRV ho an'ny siramamy nampiana. Miantraika amin'ny fitanisana ny tahan'ny singa mpamelona ilaina isan'andro izany sy ny mety ho fahafahan'ny vokatra iray manao fitarainana mifandraika amin'ny maha ara-pahasalamana ny vokatra iray sy ny habetsahan'ny singa mpamelona ao anatiny.

Etsy andanin'izany, novaina ny "Reference Amount Customarily Consumed" (RACC) sasany (na ny fatran-tsakafo fampiasa amin'ny etikety amin'ny sakafo). Ohatra :

- Nampitomboina ny zava-pisotro, teo aloha 240ml ary lasa 360ml (toy ny "soda")
- "Ny vatomamy rehetra" dia nahena, 40g no lasa 30g
- Ny nitombo ny gilasy, 1/2 kaopy teo aloha ary lasa 2/3-n'ny kaopy
- Napetraka ny sokajy RACC vaovao ho an'ny "tsakitsaky" (85 g, na 120g raha miaraka amin'ny saosy)
- Napetraka ny sokajy RACC vaovao ho an'ny "zava-mamy isan-karazany fanao tsindrin-tsakafo" (10g)




**Fitanisana mijidina nohamoraina**

Misy fanovana ny endrika fitanisana sasany, ekena ihany ho an'ny fonosana manokana, araka ny aseho an-tsary amin'ity takila ity.

**Nutrition Facts**

12 servings per container
**Serving size** **1/2 muffin (114g)**

| | Per 1/2 muffin | | Per 1 muffin | |
|---|---|---|---|---|
| **Calories** | **380** | | **760** | |
| | | % DV* | | % DV* |
| **Total Fat** | 16g | **21%** | 32g | **41%** |
| Saturated Fat | 3g | **15%** | 6g | **30%** |
| *Trans* Fat | 0g | | 0g | |
| **Cholesterol** | 50mg | **17%** | 100mg | **33%** |
| **Sodium** | 480mg | **21%** | 960mg | **42%** |
| **Total Carb.** | 56g | **20%** | 112g | **41%** |
| Dietary Fiber | 2g | **7%** | 4g | **14%** |
| Total Sugars | 32g | | 64g | |
| Incl. Added Sugars | 30g | **60%** | 60g | **120%** |
| **Protein** | 3g | | 6g | |
| Vitamin D | 0.1mcg | 0% | 0.2mcg | 2% |
| Calcium | 40mg | 4% | 80mg | 6% |
| Iron | 2mg | 10% | 4mg | 20% |
| Potassium | 190mg | 4% | 380mg | 8% |

* The % Daily Value (DV) tells you how much a nutrient in a serving of food contributes to a daily diet. 2,000 calories a day is used for general nutrition advice.

**1** **Fitanisana mizara anaty tsanganana roa**

**Nutrition Facts** Servings: 12, **Serv. size: 1 mint (2g),**
Amount per serving: **Calories 5, Total Fat** 0g (0% DV), Sat. Fat 0g (0% DV), *Trans* Fat 0g, **Cholest.** 0mg (0% DV), **Sodium** 0mg (0% DV), **Total Carb.** 2g (1% DV), Fiber 0g (0% DV), Total Sugars 2g (Incl. 2g Added Sugars, 4% DV), **Protein** 0g, Vit. D (0% DV), Calcium (0% DV), Iron (0% DV), Potas. (5% DV).

**2** **Fitanisana marindrano**

**Nutrition Facts**

5 servings per container
**Serving size 1/6 cup (28g)**
**Calories per serving 90**

| Amount/serving | % DV | Amount/serving | % DV |
|---|---|---|---|
| **Total Fat** 2g | **3%** | **Total Carb.** 15g | **5%** |
| Sat. Fat 1g | **5%** | Fiber 0g | **0%** |
| *Trans* Fat 0.5g | | Total Sugars 14g | |
| **Cholesterol** 10mg | **3%** | Incl. 13g Added Sugars | **26%** |
| **Sodium** 200mg | **9%** | **Protein** 3g | |

Vitamin D 0% • Calcium 6% • Iron 6% • Potassium 10%

**3** **Fitanisana mizara anaty fafana**

### *Daty farany fampanaraham-penitra ny fametahana etikety amin'ny fonon-tsakafo*

Tamin'ny 29 Septambra 2017 ny FDA nanoso-kevitra hoe hitarina hatramin'ny 1 Janoary 2020 ny datin'ny fampanaraham-penitra. Omena fe-potoana hatramin'ny 1 Janoary 2021 kosa ny orinasa madinika. Ny 26 Jolay 2018 (26 Jolay 2019 kosa ho an'ny orinasa madinika) no daty nosafidiana voalohany. Antsoina hoe orinasa madinika ireo mpamokatra mahalafo sakafo latsaky ny 10 tapitrisa Dôlara isan-taona.

## 3.3 Lalàna momba ny fanavaozana ny fiarovana ara-tsakafo (FSMA)

Ny FSMA, "Food Safety Modernization Act," na lalàna momba ny fanavaozana ny fiarovana ara-tsakafo, no fanovana lehibe indrindra tao anatin'ny fitsipika amandalàna mifehy ny sakafo tany Etazonia, tao anatin'ny 70 taona. Sehatra fototra dimy no iantefany:

- Fanaraha-maso ho fisorohana, ho an'ny fahasalaman'ny olombelona sy ny biby ho an'ny orinasa Amerikana
- FSVP, "Foreign Supplier Verification Program" na fizahana atao amin'ny orinasa vahiny mpamatsy entana mankany Etazonia
- Fanimbana ny kalitaon'ny sakafo iniana atao
- Fitondrana ny sakafon'olombelona sy ny sakafon'ny biby amin'ny fomba ara-pahasalamana
- Fiarovana ireo vokatra natokana ho sakafon'olombelona sy ny biby

Mifantoka amin'ny FSVP ny tari-dalana, miaraka amin'ny fampahafantarana fohy momba ny fanaraha-maso ho fisorohana ho an'ireo orinasa Amerikana.

### *Fanarahamaso ho fisorohana*

Izao no teboka tena mana-danja ao anatin'ity fizaràna momba ny fanarahamaso ho fisorohana ity, mifandraika amin'ny fitsipika mifehy ny sakafon'olombelona : ny orinasa rehetra izay manamboatra, manodina, mamono, na mitahiry sakafo hohanina any Etazonia, dia tsy maintsy manoratra sy manaraka ny "Food Safety Plan" na Drafi-piarovana Ara-tsakafo, izay mahasahana ny vokatra ara-tsakafo rehetra hohanina any Etazonia. Na dia efa maro amin'ny mpamatsy entana vahiny aza no manana ny "British Retail Consortium" (BRC), "International Organization for Standardization" (ISO) 22,000, "Global Food Safety Initiative" (GFSI), "Hazard Analysis Critical Control Point" (HACCP) na taratasy fanamarinana ny fahazoana antoka ara-tsakafo hafa, tsy mifanaraka amin'ny fenitra vaovao ao anatin'ny FSMA izy ireny satria tsy misy na dia iray aza amin'ireo fomba fanombanandraharaha ankehitriny ireo no maharakotra tanteraka izay voalaza ao anatin'ny "Food Safety Plans" na Drafitra momba ny Fiarovana ny Sakafo. Raha toa ny orinasa iray misafidy ny hanaraka fepetra ankoatry ny an'ny FDA, ary tsy mamorona an'ilay "Food Safety Plan" araka ny notakian'ny FDA, dia mety misy fampiharan-dalàna ataon'ny FDA manoloana izany, anisan'izany ny taratasy fampitandremana, na ny fanagiazana ireo entana eo amin'ny seranana nidirany, na fampiatoana ny maha mpikambana (indrindra ny fandràrana an'io orinasa io tsy hivarotra ny entany eny an-tsena) ary zaraina ny fampitandremana momba ilay entana nafarana.

### *FSVP, "Foreign Supplier Verification Program" na Fandaharanasa Fanamarinana ireo Mpamatsy Entana Avy any Ivelany*

Maro ny fikambanana tafiditra ao anatin'ny rojom-pamatsiana sakafo avy any ivelany, toy ny FDA, ny tompon'entana, ny mpamatsy ilay entana avy any ivelany, ny mpandray entana (izany hoe ilay nanafatra), ny mpiasan'ny FSVP, ny toeram-panatobiana sy fitehirizana entana, ny mpiara-nanamboatra ilay entana, ny mpiara-namono sy nametaka marika tamin'ilay entana, ny mpiasan'ny fadintseranana, ary ny mpitatitra. Tena manan-danja ny fahafantarana hoe iza no miandraikitra ny inona mandritra izany dingana izany. Ny mpanafatra entana amin'ny alalan'ny FSVP izay monina any Etazonia sy ny orinasa vahiny efa nisoratra anarana, no tena mahaliana ny FDA, saingy ny mpanafatra entana no tena tompon'antoka amin'ny fampanaraham-penitra.

### Famaritana manan-danja:

**Importer of record:**
Ny orinasa na olona nanafatra ilay entana

**Owner/consignee:**
Ny orinasa na olona mandoa ny vidin'ilay entana

**FSVP importer:**
Ny orinasa na olona miandraikitra ny fiarovana ny sakafo

**Foreign facility:**
Ny orinasa farany manodina/mamono ny vokatra

### *Fepetra fototra takiana amin'ny FSVP*

Misy singa fototra vitsivitsy hita ao anatin'ny FSVP, izay tokony hamarinin'ny mpanafatra entana FSVP amin'ny lalàna. Raha tsy misy mpanafatra entana FSVP dia azo atao ny manendry iraka hanao izany. Ireto avy no tafiditra ao anatin'ny fepetra takiana:

- "Current good manufacturing practice" (CGMP) na fomba fanamboarana ny vokatra amin'izao fotoana izao, toy ny fanofanana, ny fahadiovana, ary ny singa mety tsy zakan'ny vatana
- Fanarahamaso ho fisorohana, mifototra amin'ny "Food Safety Plan"
- Fandalinana ny voina mety hitranga
- Fanarahamaso ny singa mety tsy zakan'ny vatana
- Fametahana etikety eo amin'ny fonon'ilay vokatra

- Fanarahamaso ny rojom-pamatsiana
- Fiofanana momba ny Fiarovana ny Sakafo (ny tena tsara dia ny mba hahatongavana ho "Preventative Controls Qualified Individual" (PCQI) na olona manam-pahaizana manokana amin'ny fanarahamaso ho fisorohana)
- Drafitra hanesorana ny sakafo mampidi-doza eny amin'ny tsena

Ampiharin'ny FDA ny FSMA, amin'ny alalan'ny drafitra fanarahamaso hentitra amin'ilay rojom-pamatsiana iray manontolo, anisan'izany ireo orinasa vahiny mpamokatra sakafo sy fanampin-tsakafo, ny orinasa vahiny mpamono sakafo sy ny mpametaka etikety, ny orinasa vahiny mpitahiry sy mpizara sakafo any ivelany, ny mpanafatra entana ao Etazonia, ny mpiasan'ny FSVP Amerikana, ary ny orinasa ao Amerika. Ny FDA ihany koa dia miara-miasa akaiky amin'ny CBP. Ny firaketana an-tsoratra sy ny asa fanaraha-maso ilay mpanafatra entana no tena ataon'ny FSVP fampanarahaham-penitra. **Ataovy azo antoka hoe voatahiry avokoa ny porofon'ny dingana rehetra narahana, mba ho azo antoka tokoa ilay sakafo.**

Ny tsy fanarahana ireny fepetra ireny dia mahatonga ny mpanafatra entana iray hahazo taratasy fampitandremana antsoina hoe "483 warning letter." Rehefa mivoaka izany taratasy izany dia voafetra ihany ny fotoana hahafahana mamaly azy, kanefa dia be dia be tokoa ny asa takiana manoloana ilay taratasy, ary raha tsy voavaly izany dia mety hitarika ho amin'ny fandrarana ny fampidirana entana. Raha misy mpanafatra entana iray tafiditra ao anatin'ny "Lisitra Mena," dia hogiazana avokoa izay entana mbola ampidiriny amin'ny manaraka ary mety hiakatra hatrany amin'ny fitsarana ny raharaha. Amin'ny maha mpamatsy entana vahiny anao, dia tombony ho anao ny fanaovana izay ahazoana antoka fa milamina avokoa ny zava-drehetra iarahanao amin'ilay mpanafatra entana.

### *Loharanon-kevitra fanampiny*

Ny Animal and Plant Health Inspection Service (APHIS) no mampihatra ny fitsipika mifehy ny sakafo, ho fiarovana ny fahasalaman'ny vokatra, anisan'izany ny zava-maniry sy ny biby ary ny vokatra rehetra vita amin'ny zava-maniry sy biby. Ato amin'ity rohy manaraka ity no misy ny fepetra takiana rehefa haka fahazoan-dalana:

https://epermits.aphis.usda.gov/manual/index.cfm?CFID=903624&CFTOKEN=7bfe17e4eeb5e_bb0-79565006 -965D-3099-_D445EE12D022FA2A&ACTION=pubHome

Ato amin'ity rohy ity no ahitana ireo fepetra takiana amin'ny entana ampidirina any Etazonia : https://www.aphis.usda.gov/aphis/ ourfocus/import export

## FAMINTINANA

Ny fampifanarahana ny zava-drehetra amin'ny FDA no tsiambaratelon'ny fahombiazana amin'ny fampidirana entana ao amin'ny tsena Amerikana, ary ivon'ny fitantanana ny fandraharahana ataonao amim-pahamatorana. Mitaky asa tsy ankiato sy fampiasam-bola izany amin'ny voalohany. Anisan'ny teboka momba ny fanaraham-penitra manan-danja vitsivitsy amin'ny fampidirana sakafo any Etazonia ireto manaraka ireto :

- Mandrafitra "Food Safety Plan" mafonja
- Atao azo antoka fa manara-penitra ny etikety amin'ny fonon'entana
- Atao azo antoka fa mafonja ny fanaraha-maso ny singa mety tsy ho zakan'ny vatana ao anaty sakafo
- Atao azo antoka fa misoratra ao amin'ny FDA araka ny tokony ho izy ny ankilany
- Atao mandritra ny volana maro mialoha ny drafitra
- Ampidirina anaty drafitra ny fampiasana iraka misahana ny fanafarana entana FSVP
- Miomana hiatrika ny fitsirihana ataon'ny FDA



# FIZARÀNA FAHA-4: NY FANONDRANANA VOKATRA VITA AMIN'NY LAMBA SY FITAFIANA MANKANY ETAZONIA AO ANATIN'NY AGOA

## INONA NO HITA AO AMIN'ITY FIZARANA ITY?

4.1 Fitsipika manokana ho an'ny lamba sy ny fitafiana
4.2 Lamba, atao laharam-pahamehana ho an'ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisintany (CBP)

## TANJONA

Mba hahafahana misitraka ny AGOA amin'ny fahafenoany, dia tanjona amin'ny **Fizaràna faha-4**, *Fanondranana Lamba sy Fitafiana Mankany Etazonia ao anatin'ny AGOA*, ny hanasongadina ireo fepetra manokana enti-manafatra lamba sy fitafiana mankany Etazonia.

## VOKATRA ANDRASANA

- Mitombo ny fahalalana momba ny fitsipika manokana mifehy ny lamba sy ny fitafiana, ary fantatra ny toerana hanovozana ny fampahalalana amin'ny tsara ho fantatra ;
- Mitombo ny lanjan'ny fananana taratasy fanamarinana ny firenena niavian'ny lamb a;
- Mitombo ny fahalalana momba ireo taratasy manokana isan-karazany mifandraika amin'ny fanondranana lamba sy ny fepetra takiana amin'ny fametahana etikety ho an'ny tsena Amerikana ;
- Mitombo ny fahalalana fa ny tena imasoan'ny CBP dia ny fampiharana ny fitsipika mifehy ny fanafarana lamba sy fitafiana mankany Etazonia ;
- Mitombo ny fahatakarana momba ny fahafenoan'ireo vokatra mifandraika amin'ny lamba sy ny fitafiana fepetra manokana ao amin'ireo firenena laharam-pahamehan'ny USAID TradeHub, anisan'izany ny fitsipika mifehy ny lamba any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana.

## 4.1 Fitsipika Manokana Mifehy ny Lamba sy ny Fitafiana

Hita ao amin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis" ireo fitsipika manokana mahakasika ny lamba sy ny fitafiana, ao amin'ny zana-toko XIX amin'ny Toko faha-98. Voarakitra ao amin'ireo fitsipika ireo ny andininy mahakasika ny fitafiana ao amin'ny Toko faha-61 sy faha-62 ary ny andininy mahakasika ny lamba ao amin'ny Toko faha-50 ka hatramin'ny faha-60 ary faha-63. Azon'ireo firenena nametraka rafitra visa mahomby atao ny manondrana lamba sy fitafiana any Etazonia, miaraka amin'ny fisitrahana ny tombon-dahiny ao amin'ny AGOA. Mba ho isan'izay voatendry ho firenena Afrikana Atsimon'ny Sahara mpisitraka, izay afaka hisitraka ireo tombony mifandraika amin'ny fanondranana lamba sy fitafiana, dia tsy maintsy resy lahatra ny Governemanta Amerikana fa fenon'izany firenena izany avokoa ireo fepetra rehetra takian'ny AGOA mahakasika ny fanatanterahana ireo dingana fiarovana amin'ny famindrana entana tsy manara-dalàna (isan'izany ny rafitra visa mahomby).

Ao amin'ny Toko 98, zana-toko faha-XIX, Naoty Amerikana I no misy ny lisitr'ireo firenena voasafidy, ary ao amin'ny Toko faha-98, zana-toko faha-XIX, Naoty Amerikana 2(d) no misy ny lisitr'ireo firenena Afrikana Atsimon'i Sahara, mpisitraka Tsy Mandroso Indrindra (jereo ihany koa ny **Fisy Fahatelo mirakitra ny Fampahalalana momba ny Fanondranana Entana ao anatin'ny AGOA: Fitsipika sy Fepetry ny Fahafenoana Fepetra Hanondranana Lamba sy Fitafiana** ho an'ny andinindininy).[6] Ireo firenena Tsy Mandroso Indrindra sy ireo firenena an-dalam-pandrosoana dia samy mahafeno fepetra amin'ny fitsipika mifehy ny lamba amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana, ao amin'ny zana-dohateny 9819.11.12, sy ny sata afakaba ho an'ireo akora vita amin'ny lamba ankoatry ny fitafiana, ao amin'ny zana-dohateny 9819.11.33. Ny fitsipika mifehy ny lamba any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana dia manome fahafahana ho an'ireo firenena mahafeno fepetra mba hitohy hisitraka ny sata afakaba na dia nafarana avy any amin'ny firenena tsy mahafeno fepetra aza ny lamba. Mifandray indrindra izy ity amin'ny fitafiana manokana – fa tsy voatery amin'ireo vokatra hafa.

### *Taratasy Fanamarinana ny Fiavian'ny Lamba*


Manan-kery amin'ny sokajin'entam-barotra folo ny sata afakaba ary ny fandefasana entana dia tsy maintsy arahina taratasy fanamarinana ny fiavian'ny lamba, nomen'ny manampahefana misahana ny hetra any amin'ny firenena handray ny entana, ohatra: Manampahefana Misahana ny Hetra any Afrika Atsimo. Ireo sokajy valo voalohany dia ho an'ireo karazana fitafiana. Ny sokajy fahasivy dia ho an'ireo lamba tenon-tànana, entana vita avy amin'ny lamba tenon-tànana, tao-zavatra maneho kolontsaina ary lamba maneho ny fokom-piaviana. Ny sokajy fahafolo dia misahana ireo entana vita amin'ny lamba, ankoatry ny akanjo, kanefa tsy maintsy avy any amin'ireo firenena Tsy Mandroso Indrindra ao Afrika Atsimon'i Sahara no

[6] Ny firenena rehetra atao laharam-pahamehana sy arahana maso ao amin'ny USAID TradeHub dia raisina ho toy ny Tsy Mandroso Indrindra ankoatra an'i Afrika Atsimo

fiavian'izy ireo. Maro amin'ireo sokajim-pitafiana ireo no mila fandraisana anjaran'ny Amerikana. Jereo ny **Fisy Fahatelo mirakitra ny Fampahalalana momba ny Fanondranana Entana ao anatin'ny AGOA: Fitsipika sy Fepetry ny Fahafenoana Fepetra Hanondranana Lamba sy Fitafiana,** raha hijery ny lisitr'ireo firenena mahafeno fepetra.

Ny sokajy matetika fampiasa rehefa hanondrana fitafiana mankany Amerika dia ny Sokajy 4-D (9819.11.09 amin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis"), izay misahana ny fitafiana natambatra avy amin'ny lamba ASS, ary ny Sokajy 5-E (9819.11.12 amin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis"), izay misahana ireo fitafiana na avy aiza na avy aiza fiavian'ny lamba (ny "fitsipika mifehy ny lamba avy amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana"). Ity fepetra farany ity dia mitaky ny fanambarana ny akanjo any amin'ny firenena Tsy Mandroso Indrindra.

Ny sokajy 9-I (9819.11.27 an'ny HTSUS) dia misahana ireo tao-zavatra vita amin'ny lamba tenon-tànana sy maneho ny kolontsaina ary lamba misoratsoratra, saingy tsy mihatra izany raha tsy mahafeno ireo fepetra takiana ao amin'ny Naoty Amerikana 4 hatrany amin'ny Toko faha-98 ireo entana. Mba hahafeno fepetra ireo entana vita amin'ny lamba tenon-tànana sy ireo tao-zavatra maneho ny kolontsaina, dia tsy maintsy mahazo fanamarinana avy amin'ny Governemanta Amerikana fa mahafeno fepetra izy ireo aloha. Tsy maintsy fenon'ny lamba misoratsoratra ireo fepetra manokana takiana izay voasoratra ao amin'ny Naoty Amerikana 4. Ny sokajy 0-J (9819.11.33 amin'ny HTSUS) dia misahana ireo entana vita amin'ny lamba avy any amin'ireo firenena tsy mandroso indrindra mpisitraka.







*Loharano : www.istockphoto.com*

**African Growth and Opportunity Act**
**Textile Certificate of Origin**
**(Revised May 2008)**

| | |
|---|---|
| 1. Exporter Name & Address: | 3. Importer Name & Address: |
| 2. Producer Name & Address: | 4. Preference Group: |
| 5. Description of Article: | |

| Group | *Each description below is only a summary of the cited provision.* | Legal Provision |
|---|---|---|
| 1-A | Apparel assembled from U.S. fabrics and/or knit-to-shape components, from U.S. yarns. All fabric must be cut in the United States. | 19 CFR 10.213(a)(1) |
| 2-B | Apparel assembled from U.S. fabrics and/or knit-to-shape components, from U.S. yarns. All fabric must be cut in the United States. After assembly, the apparel is embroidered or subject to stone-washing, enzyme-washing, acid washing, perma-pressing, oven-baking, bleaching, garment-dyeing, screen printing, or other similar processes. | 19 CFR 10.213(a)(2) |
| 3-C | Apparel assembled from U.S. fabrics and/or U.S. knit-to-shape components and/or U.S. and beneficiary country knit-to-shape components, from U.S. yarns and sewing thread. The U.S. fabrics may be cut in beneficiary countries, or in beneficiary countries and the United States. | 19 CFR 10.213(a)(3) or 10.213(a)(11) |
| | Apparel assembled from beneficiary country fabrics and/or knit-to-shape | 19 CFR |

## *Antontan-taratasy Fanampiny Takiana*

Misy ireo antontan-taratasy fanampiny izay takiana mba hahafahana manondrana lamba sy fitafiana amin'ny alalan'ny AGOA. Ankoatry ny taratasy fanamarinana ny fiavian'ny lamba, dia tsy maintsy tenenina ao anatin'ny faktiora ihany koa ny sokajy tokony misy ilay entana, araka izay hita ao amin'ny Toko faha-50 – 60 ary faha-63; ary voasoratra ao ihany koa ny laharana marin'ilay entana, avy ao amin'ny Toko faha-98. Tsy maintsy asian'ilay firenena Afrikana ny tombokasen'ny visa AGOA tena izy ihany koa ilay faktiora.

Tsy maintsy hita eo amin'ny tombokasen'ny visa ny laharan'ny visa, ny vondron'ny visa, ny fatra aseho amin'ny tarehimarika boribory (hafoloana na isan'ny entana), ny sonian'ny manam-pahefana amin'ny fanondranana entana ary ny daty nanomezana ny visa. Tsy maintsy boribory ny bikan'ny tombokasen'ny visa, miloko manga ny ranomainty, ary tombokase samihafa no ampiasaina ho an'ny sokajy tsirairay misy ao anatin'ny entana haondrana. Eo amin'ny pejy voalohany amin'ny faktiora voalohany anaovana ny fifanakalozana ara-barotra no ahitana azy ary tsy maintsy asiana ny sonian'ny manam-pahefan'ny governemanta, manana alalana hanao izany. Tsy maintsy manaraka ny fenitra takiana fahasivy (9) "format alpahnumerique" ny laharana eo amin'ny tombokase. Hita eto ny ohatra amin'ny tombokase visa ara-dalàna. Andraikitry ny governemanta vahiny (ny Fadintseranana izany amin'ny ankapobeny) ny manome ny tombokase visa ho an'ireo mpanondrana entana. Tsy maintsy eken'ny Governemanta Amerikana ny endriky ny tombokase ary atolotra ny Governemanta Amerikana ny lisitr'ireo mpanao sonia nahazo alalana mba hankatoaviny.



### *Fepetra takiana amin'ny Fametrahana Etikety ho an'ny Fitafiana*

Ankoatr'ireo fepetra takiana amin'ny ankapobeny mahakasika ny fametrahana etikety amin'ny entana rehetra aondrana mankany Etazonia, izay maneho ny firenena niaviany, ny vokatra vita amin'ny lamba dia tokony misy etikety milaza ny habetsaky ny kofehy (fibre) sy ny fomba fikojakojana azy. Ny Lalàna mifehy ny Famantarana ireo Vokatra vita amin'ny Kofehin-damba ("Textile Fiber Products Identification Act"), sy ny Lalàna mifehy ny Fametahana Etikety amin'ny Vokatra vita amin'ny Volonondry ("Wool Act") ary ny Lalàna mifehy ny Fametahana Etikety amin'ny Vokatra vita amin'ny Volom-biby ("Fur Act") dia milaza fa azo sorohina tsy ho tompon'andraikitry ny fahadisoan'ny etikety na ho tompon'andraikitra amin'ny fanaovana doka hosoka ny mpivarotra an-tsinjarany raha toa ka mahazo antoka tsy tapaka na manokana avy amina ankolafy hafa izay manamarina fa ny vokatra alefan'izy ireo dia tsy diso ny etikety eo aminy, na tsy diso ny faktiora na ny dokam-barotra. Ny fiarovana ny antoka dia tsy misy raha tsy efa mandray antoka "amin'ny fahamarinana" (garantie de bonne foi) ilay mpivarotra sy avy amin'ny "olona mipetraka any Etazonia" ilay antoka. Noho izany, tsy misy ny antoka azon'ny mpivarotra ho an'ireo vokatra vita amin'ny lamba vita amin'ny volom-biby, volonondry na lamba izay nafarana avy hatrany.

Ato amin'ity tranonkala ity no misy fanazavana misimisy kokoa mahakasika ireo fepetra samihafa mifandray amin'ny fametrahana etikety amin'ny lamba. https://www.ftc.gov/tips-advice/business-center/guidance/threading-your-way-through-labeling-requirements-under-textile.

Azo jerena ato amin'ireto tranonkala manaraka ireto ny fanazavana fanampiny mahakasika ny fepetra arahana amin'ny fametahana etikety :

- https://otexa.trade.gov/us_labeling.htm
- https://otexa.trade.gov/AGOA_Trade_Preference.htm
- https://www.ftc.gov/news-events/media-resources/tools-consumers/apparel-and-labeling
- https://www.ftc.gov/tips-advice/business-center/guidance/clothes-captioning-complying-care-labeling-rule#Frequently_Asked_Questions

## 4.2 Lamba, Laharam-pahamehana ho an'ny CBP

Ataon'ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany ho laharam-pahamehana ny fampiharana ireo fitsipika ao amin'ny sehatry ny lamba sy ny fitafiana satria io no sehatra anisan'ny be haba indrindra amin'ny vokatra any Etazonia. Ny tanjon'izany fifantohana izany dia mba hiarovana ny sehatra matanjaka eo an-toerana amin'ny fanamboarana lamba sy fitafiana, izay mampiasa olona 594.000. Ny haba voaangona tamin'ny sehatry ny lamba tamin'ny taona 2019 dia efa ho ampahefatry ny haba rehetra, izay nahatratra nanodidina ny $16 lavitrisa. Mahatonga ity sehatra ity mora hisian'ny hosoka ny fidangan'ny haba, isan'izany ny fandaingana mahakasika ny firenena niavian'ny lamba, fampidirana entana antsokosoko, fanombanana ny entana amin'ny vidiny ambany noho ny tokony ho izy, famaritana tsy marina mahakasika ireo entana ary fampiasana tsy ara-drariny ny sata ahazoan-tombon-dahiny. Manao fitsirihana eny an-toerana ny ekipan'ny Fanaraha-maso ny Famokarana Lamba an'ny Fadintseranana sy Fiarovana ny Sisintany mba hanarahana maso ny famokarana sy ny fanarahan'izy ireo ireo fepetra apetraky ny fisitrahana ny sata omen-tombon-dahiny (Fisy Fampahalalana momba ny Lamba, CBP Publication No 1058 -0320, 2019).

| | | |
|---|---|---|
| 100% Lyocell<br>Made in Mexico<br>RN 00003 | 55% polyester<br>45% cotton<br>Size 10<br>Made in USA<br>RN 00001 | 100% COTTON<br>EXCLUSIVE OF<br>DECORATION<br>MACHINE WASH WARM<br>TUMBLE DRY MEDIUM<br>WARM IRON<br>-12-<br>MADE IN NEW ZEALAND<br>KANGAROO IMPORTS, INC. |

Examples of Correct Labels

| Front of Label | Back of Label |
|---|---|
| ElegantLines™<br>Size 10<br>Made in USA<br>of imported<br>fabric | 100%<br>silk<br>dry clean<br>only<br>RN00001 |

Loharanon-kevitra: https://www.ftc.gov/tips-advice/business-center/guidance/threading-your-way-through-labeling-requirements-under-textile

## *Fahafenoan'ireo Firenena Valo Fepetra Ao Anatin'ny AGOA*

Samihafa ny fahafahana manondrana entana ho an'ny firenena tsirairay ao amin'ny AGOA, araka izay hazavaina ato anatin'ny tabilao eto ambany.

| Firenena | Daty Nahazoana alalana hanondrana Fitafiana araka ny AGOA | Sokajy 5 Fitsipika manokana mahakasika ny Fitafiana any amin'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra | Sokajy 0 Fitsipika any amin'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra Mahakasika ny Entana Sasany Vita Amin'ny Lamba | Sokajy 9 Vita tànana/ Tenon-tànana | Sokajy 9 Vokatra vita amin'ny lamba izay maneho ny kolontsaina | Sokajy 9 Lamba misoratsoratra |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Botswana | Aog 27, 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Eswatini | Jolay 3, 2018 | Eny | Eny | Tsia | Tsia | Tsia |
| Lesotho | Apr 23, 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Malawi | Aog 15, 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Mozambika | Feb 8, 2002 | Eny | Eny | Eny | Eny | Tsia |
| Namibia | Des 3, 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Afrika Atsimo | Mar 7, 2001 | Tsia | Tsia | Eny | Tsia | Eny |
| Zambie | Des 17, 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |

### FAMINTINANA

Ity fizarana ity dia mampisongadina ny maha-hentitra ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany mahakasika ny fampiharana ireo fitsipika mifehy ny sehatry ny lamba sy ny fitafiana, sy ny fampiharana ireo fepetra fanampiny takiana hofenoin'ny orinasa mpanondrana entana mahakasika ny antontan-taratasy, ny fametrahana etikety sy ny fahafenoana fepetra.

**Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra**
Av. Praça 25 Junho, No 300 Maputo
+258 21 343 500

**Fitaleavan'ny Varotra Iraisam-pirenena**
Maputo
http://www.mic.gov.mz/

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

PROSPER AFRICA
A U.S. TRADE AND INVESTMENT INITIATIVE

# FAMARITANA NY FAHAFENOANA FEPETRA AO AMIN'NY AGOA

Fepetra fototra efatra no arahana raha toa ka te-hisitraka ny sata omen-tombon-dahiny ao amin'ny AGOA, dia ireto avy :

1. Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena
2. Tsy maintsy mahafeno fepetra ny vokatra
3. Tsy maintsy hafarana mivantana avy amin'ny firenena Atsimon'i Sahara ny entana
4. Tsy maintsy feno ny fepetra takiana amin'ny fitsipika mifehy ny fiavian'ny entana

## FEPETRA #1 :
### Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena

Omen'ny Note Générale 16 ao amin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis" ny lisitr'ireo firenena mahafeno fepetra.[1] Raha tamin'ny Septambra 2020, dia ireto avy izany :

| | |
|---|---|
| Repoblikan'i Angola | Fanjakan'i Lesotho |
| Repoblikan'i Benin | Repoblikan'i Liberia |
| Repoblikan'i Botswana | Repoblikan'i Madagascar |
| Burkina Faso | Repoblikan'i Mali |
| Repoblikan'i Cape Verde | Repoblikan'i Malawi |
| Repoblikan'i Afrika Afovoany | Repoblikan'i Mauritius |
| Repoblikan'i Chad | Repoblikan'i Mozambique |
| Fivondronan'ny Comores | Repoblikan'i Namibia |
| Repoblikan'i Congo | Repoblikan'i Niger |
| Repoblikan'i Cote d'Ivoire | Repoblika Federalin'i Nigeria |
| Repoblikan'i Djibouti | Repoblikan'i Rwanda |
| Fanjakan'i Eswatini | Repoblika Demokratikan'i Sao Tome sy Principe |
| Repoblika Demokratika Federalin'i Ethiopia | Repoblikan'i Senegal |
| Repoblikan'i Gabon | Repoblikan'i Sierra Leone |
| Gambia | Repoblikan'i Afrika Atsimo |
| Repoblikan'i Ghana | Fivondronan'ny Repoblikan'i Tanzania |
| Repoblikan'i Guinea | Repoblikan'i Togo |
| Repoblikan'i Guinea-Bissau | Repoblikan'i Uganda |
| Repoblikan'i Kenya | Repoblikan'i Zambia |

## FEPETRA # 2:
### Tsy maintsy mahafeno fepetra ny vokatra

Afaka faritana ny fahafenoan'ny vokatra fepetra amin'ny alalan'ny fandalinana mahakasika ireo vokatra samihafa ao amin'ny Harmonized Tariff Schedule of the United States (HTSUS) na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis"

Misy hoe "D" eo amin'ny tsanganana "Spécial" ao amin'ny Tsanganana 1 ho an'ireo entana tsy vita amin'ny lamba izay afaka aondrana ao anatin'ny AGOA. Hita ao amin'ny HTSUS na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis" izany ary voasokajy ao amin'ny Toko 1 – 97.

Fantaro fa manana fitsipika manokana mifehy azy ny lamba ary vita lisitra ao amin'ny Toko faha-98, zana-toko faha-XIX "Lamba sy Fitafiana mahafeno ny fepetra fisitrahana tombon-dahiny manokana amin'ny haba ao ambanin'ny Lalàn'ny AGOA" izay mitaky fandalinana manokana izany araka ny lalàn'ny AGOA. Jereo ny Fisy Fahatelo mirakitra ny Fampahalalana momba ny Fanondranana Entana ao anatin'ny AGOA: Fitsipika sy Fepetry ny Fahafenoana Fepetra Hanondranana Lamba sy Fitafiana (Export Fact Sheet 3) raha mila fanazavana fanampiny.

## FEPETRA #3 :
### Tsy maintsy hafarana mivantana ireo entana

Ireo entana dia tsy maintsy aondrana mivantana avy amin'ny firenena Afrikana Atsimon'i Sahara, izay mpisitraka, sady firenena niaviany, mankany Etazonia. Tsy afaka miditra amin'ny tsenan'ny firenena iray mpanelanelana ireo entana.

## FEPETRA #4 :
### Tsy maintsy fenon'ireo entana ny fepetran'ny fitsipika mahakasika ny fiaviany

Ny sara na sandan'ny entana vokarina ao amin'ny firenena mpisitraka iray na mihoatra, miampy ny vidin'ny fanodinana dia tsy tokony ho latsaky ny 35 isan-jaton'ny tomban'ny entana rehefa miditra ny Etazonia izy ireo. Afaka handraisan'ny Etazonia anjara ny 15 isan-jaton'ny vidy na sandan'ny entana.

[1] *2020 Harmonized Tariff Schedule for the United States : https://hts.usitc.gov/current*

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

PROSPER AFRICA
A U.S. TRADE AND INVESTMENT INITIATIVE

# LISITRA FANARAHA-MASO NY FANONDRANANA IREO ENTANA TSY VITA AMIN'NY LAMBA AO ANATIN'NY AGOA

Ny AGOA dia tonga ivon'ny politika ekonomika ao Etazonia sy ny fifanekena ara-barotra amin'ny Afrika nanomboka tamin'ny 2000. Manendry firenena avy ao Atsimon'i Sahara ny AGOA, izay manana fahafahana mandefa entana mihoatra ny 1.800 ao amin'ny tsena Amerikana nefa tsy mandoa haba, fanampin'ny vokatra mihoatra ny 5.000 izay manana sata afakaba ao anatin'ny SGP na Système Généralisé des Préférences. [1]

Ireto manaraka ireto ny lisitr'ireo fepetra takiana izay tsy maintsy arahana mba hahafenoana fepetra ao anatin'ny AGOA.

- ☐ Tsy maintsy mahafeno fepetra ilay firenena (Jereo ny Note Générale 16 an'ny HTSUS.
- ☐ Tsy maintsy mahafeno fepetra ireo entana, araka izay asehon'ny litera "D" ao amin'ny tsanganana "Spécial" ao amin'ny tabilao misy ny Lazam-bidy. Fanampin'izany, tsy maintsy voamarika ao anatin'ny faktiora ihany koa ny litera "D" alohan'ny kaody fanasokajiana ny vidin'entana.
- ☐ Tsy maintsy hafarana mivantana avy amin'ny firenena ao Atsimon'i Sahara ny entana.
- ☐ Tsy maintsy hajaina ireo fepetra mifanaraka amin'ny fiavian'ny entana. Fanampin'izany, tokony ho afaka maneho ny porofon'ny fiavian'ny entana ny mpanafatra entana ao anatin'ny 30 andro manaraka ny fangatahan'ny Fadintseranana sy ny Fiarovanana ny Sisin-tany izany.
- ☐ Tsy maintsy voamarika mazava tsara eo amin'ny vokatra ny anaran'ny firenena niaviany.
- ☐ Ny entana alefa dia tsy maintsy manaraka ireo fepetra takian'ny sampandraharahan'ny Governemanta Amerikana hafa, izay ampiharin'ny Fadintseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany, isan'izany ny :
  - ○ **U.S. Food and Drug Administration (FDA) :** Ny FDA dia manara-maso ny fanondranana sakafo, fanafody, fitaovana ampiasaina amin'ny fitsaboana, sakafom-biby ary akora fampiasa hikolokoloana endrika amam-bika.
  - ○ **U.S. Department of Agriculture (USDA) :** Ny USDA "Animal and Plant Health Inspection Service (APHIS)" na Sampan-draharaha misahana ny Fitsirihana ny Fahasalaman'ny Biby sy ny Zava-maniry dia manara-maso ny fanajana ireo fitsipika mahakasika ny fahasalaman'ny zava-maniry sy ny biby. Ny USDA "Food Safety and Inspection Service (FSIS)" na Sampan-draharahana misahana ny Fitsirihana ny Fahazoana antoka ny Sakafo dia manara-maso ny fahazoana antoka ireo vokatra vita amin'ny hena, vorona ary atody izay hafarana.
  - ○ **Environmental Protection Agency (EPA) :** Ny EPA dia manara-maso ireo ody biby nafarana, ireo akora manimba ny sosona ôzônina (couche d'ozone), akora simika, fiara, milina ary solika sy fako

Ny entana rehetra izay sahanin'ny FDA, USDA sy/na EPA, dia mety ho voarara tsy hahazo alalana hiditra na hiharan'ny fepetra famerana entana (mitaky fahazoan-dalana hanafatra entana). Ataovy azo antoka fa nohamarinina ny fepetra takian'ireo Sampandraharaha tandrify mialoha ny hanondranana entana.

---

[1] *Biraon'ny Solontena Ara-Barotra Amerikana:* https://ustr.gov/issue-areas/trade-development/preference-programs/african-growth-and-opportunity-act-agoa

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

PROSPER AFRICA
A U.S. TRADE AND INVESTMENT INITIATIVE

# FANONDRANANA LAMBA SY FITAFIANA MANKANY ETAZONIA AO AMBANY FIAHIAN'NY AGOA : FITSIPIKA SY FEPETRY NY FAHAFENOANA FEPETRA

Misy andiana fitsipika sy fepetry ny fahafenoana fepetra miavaka tsy maintsy arahina amin'ny fanondranana lamba sy fitafiana avy amin'ny firenena Afrikana Atsimon'i Sahara mankany Etazonia, raha oharina amin'ny an'ny vokatra hafa. Misy fepetra fototra efatra takiana ho an'ny lamba sy fitafiana izay mamaritra ny fisitrahany ny sata omen-tombon-dahiny avy amin'ny AGOA. Ireto manaraka ireto izany :

1. Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena
2. Tsy maintsy mahafeno fepetra ny vokatra
3. Tsy maintsy hafarana mivantana ny entana
4. Tsy maintsy feno ny fepetra takiana amin'ny fitsipika mifehy ny fiavian'ny entana

## FEPETRA #1 : Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena

Ireo Firenena avy ao Afrika Atsimon'i Sahara na "SSAs" izay mahafeno fepetra ho amin'ny fisitrahana sata omen-tombon-dahiny ao anatin'ny AGOA dia vita lisitra ao anatin'ny "Harmonized Tariff Schedule (HTSUS)" na "Liste Tarifaire Harmonisée des Etats-Unis", ao amin'ny Naoty 1 ao amin'ny Toko faha-98, zana-toko faha-XIX:

| | | |
|---|---|---|
| Benin | Guinea | Rwanda |
| Botswana | Kenya | Senegal |
| Burkina Faso | Lesotho | Sierra Leone |
| Cape Verde | Malawi | Afrika Atsimo |
| Chad | Mali | Tanzania |
| Cote d'Ivoire | Mauritius | Uganda |
| Eswatini | Mozambika | Liberia |
| Ethiopia | Namibia | Madagasikara |
| Ghana | Nigeria | Zambia |

Ireo firenena mahafeno fepetra hisitraka ny sata omen-tombon-dahiny amin'ny maha Firenena Tsy Mandroso Indrindra azy, dia vita lisitra ao amin'ny Note 4, Tokon faha-98, zana-Toko faha-XIX. Ny sata maha Firenena Tsy Mandroso Indrindra dia afaka ny ahafenoana fepetra hisitrahana ny tombon-dahiny amina vokatra sasany, toy ny fahafenoana fepetra mahakasika ny fitsipika mifehy ny Lamba amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana. Ireto avy izy ireo :

| | |
|---|---|
| Benin | Lesotho |
| Botswana | Liberia |
| Burkina Faso | Madagasikara |
| Cape Verde | Malawi |
| Central African Republic | Mali |
| Chad | Mauritius |
| Republic of Congo | Mozambika |
| Cote d'Ivoire | Namibia |
| Djibouti | Niger |
| Eritrea | Nigeria |
| Eswatini | Sao Tome sy Principe |
| Ethiopia | Senegal |
| I Gambia | Sierra Leone |
| Ghana | Tanzania |
| Guinea | Uganda |
| Guinea-Bissau | Zambia |
| Kenya | |

## FEPETRA #2 : Tsy maintsy mahafeno fepetra ny vokatra

Eto ambany eto no ahitana ny lisitr'ireo sokajy matetika voatonona, izay ampiasaina mba hamaritana ny fahafenoana fepetra amin'ny lamba sy ny fitafiana, araka izay faritana ao amin'ny "Liste Tarifaire Harmonisée", Toko faha-98, zana-toko faha-XIX:

| STAT. SUFFIX | LOHATENY/ ZANA-DOHATENY | FANORITSORITANA NY ENTANA |
|---|---|---|
| 4D | 9819.11.09 | Akanjo namboarina avy tamin'ny lamba na bà avy any Etazonia na firenena SSA mpisitraka. |
| 5E | 9819.11.12 | Akanjo namboarina tany amin'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra iray na maromaro, ka tsy jerena izay firenena niavian'ny lamba na bà (fitsipika mifehy ny lamba avy any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana). **ZAVA-DEHIBE:** ho an'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra ihany no mihatra ny fitsipika mifehy ny lamba avy any amin'ny firenena an-dalam-pandrosoana. |
| 9 | 9819.11.27 | Lamba tenon-tànana, vita tànana, tao-zavatra maneho ny kolontsaina ary lamba misoratsoratra.[1] |
| 0 | 9819.11.33 | Lamba na entana vita amin'ny lamba vita tanteraka avy any amin'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra, iray na maromaro.[2] |

Ity tabilao eto ambany ity no mamintina ny fahafenoana fepetra an'ireo firenena isan-karazany laharam-pahamehana ao amin'ny USAID TradeHub izay afaka hisitraka sata omen-tombon-dahiny samihafa.

| Firenena | Daty Nahafeno ny Fepetra Hanondrana Fitafiana ao anatin'ny AGOA | Sokajy 5 Fitsipika manokanana ho an'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra Mahakasika ny Fitafiana | Sokajy 0 Fitsipika ho an'ny entana sasany vita amin'ny Lamba ho an'ny Firenena Tsy Mandroso Indrindra | Sokajy 9 Vita tànana/ Tenon-tànana | Sokajy 9 Tao-zavatra maneho ny kolontsaina | Category 9 Lamba misorat-soratra |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Botswana | 27 Aog 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Eswatini | 3 Jolay 2018 | Eny | Eny | Tsia | Tsia | Tsia |
| Lesotho | 23 Apr 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Malawi | 15 Aog 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Mozambika | 8 Feb 2002 | Eny | Eny | Eny | Eny | Tsia |
| Namibia | 3 Des 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |
| Afrika Atsimo | 7 Mar 2001 | Tsia | Tsia | Eny | Tsia | Eny |
| Zambia | 17 Des 2001 | Eny | Eny | Eny | Tsia | Tsia |

## EXIGENCE N°3 : Tsy maintsy aondrana mivantana avy any amin'ny firenena Afrikana Atsimon'i Sahara ny entana mankany Etazonia. **Tsy** afaka mandalo ny tsenan'ny firenena mpanelanelana ireo entana ireo.

## EXIGENCE N°4 : Tsy maintsy mahafeno ireo fepetra takiana amin'ny fitsipika mahakasika ny fiaviany ireo entana.

Ao anatin'ny Toko 98, zana-Toko XIX no msiy ny fitsipika mahakasika ny fiavian'ny lamba sy ny fitafiana.

## LISITRA FANARAHA-MASO HO AN'NY FANONDRANANA LAMBA SY FITAFIANA

Mialohan'ny hanondrananao lamba na fitafiana mankany Etazonia, dia ataovy azo antoka fa nojerenao ity lisitry ny fepetra eto ambany ity:

- ☐ Tsy maintsy mahafeno fepetra ny firenena (Naoty Ankapobeny 16 an'ny HTSUS sy Naoty Amerikana 1, Toko faha-98, zana-toko faha-XIX)
- ☐ Tsy maintsy mahafeno fepetra ireo entana ary tsy maintsy mifanaraka amin'ireo fitsipika mifehy ny lamba (Toko faha-98, zana-toko faha-XIX an'ny HTSUS)
- ☐ Tsy maintsy hafarana mivantana avy any amin'ny firenena SSA ny vokatra
- ☐ Tsy maintsy voahaja ireo fepetra mahakasika ny fitsipika mifehy ny fiavian'ny lamba [3]
- ☐ Ireo entana hafarana dia tsy maintsy arahana taratasy fanamarinana ny fiaviany avy amin'ny AGOA
- ☐ Tsy maintsy misy tombokase ny faktiora, miaraka amina tombokase visa tandrify izany
- ☐ Tsy maintsy misy apetaka mazava tsara eo amin'ny vokatra ny mariky ny firenena niaviany
- ☐ Tsy maintsy misy etikety araka ny tokony ho izy ireo lamba, ho fanarahana ny fepetra takian'ny "Federal Trade Commission (FTC)" na ny "Commission Fédérale du Commerce"

[1] *Ny lamba tenon-tànana, vita tànana, maneho ny kolontsaina dia tsy maintsy nahazo fanamarinana avy tamin'ny USG (Note Amerikana 4(a)). Lamba misoratsoratra dia voafaritra ao amin'ny. Note 4(b).*
[2] *Ny Sokajy 0 mitaky ny maha Firenena tsy Mandroso Indrindra an'ilay firenena.*
[3] *Ny famaritana raha toa ka azo ahondrana na tsy ny lamba sy fitafiana dia ny fijerena ireo fitsipika mahakasika ny fiavian'ny entana izay hita ao amin'ny Toko faha-98, zana-Toko faha-XIX.*

USAID FROM THE AMERICAN PEOPLE

PROSPER AFRICA
A U.S. TRADE AND INVESTMENT INITIATIVE

# ANTONTAN-TARATASY ILAINA HO AN'NY ENTANA AONDRANA MANKANY ETAZONIA

Ireo entana hiditra ny Etazonia dia tsy maintsy manaraka dingana roa:

**DINGANA VOALOHANY**: Mametraka ireo antontan-taratasy ilaina mba ahafahana mamaritra raha toa ka azo avoaka avy ao amin'ny Fadintseranana sy Fiarovanana ny Sisin-tany Amerikana ireo entam-barotra ireo.
**DINGANA FAHAROA**: Mametraka ireo antontan-taratasy misy ny mombamomba ny famaritana ny haba sy ireo tanjona ara-panisana.

Ireo entana rehetra aondrana mankany Etazonia dia tsy maintsy ampiarahina amin'ireo antontan-taratasy manokana izay mifanaraka amin'izay ilain'ny Fadintseranana sy Fiarovana ny Sisin-tany Amerikana mandritra ireo dingana roa ireo. Tsy maintsy alefa ireo atontan-taratasy ireo ao anatin'ny 15 andro nahatongavan'ny entana ao amin'ny [seranana nampidirana ny entana ao Etazonia](). Ireo taratasy Fanambaràna amin'ny Fadintseranana dia tsy maintsy apetraka amina toerana faritan'ny Filohan'ny Seranana. Mety hitarika amin'ny fahataran'ny famoahana ny entana sy fandoavana lamandy ny tsy fanomezana ireo antontan-taratasy ilaina ireo.

## LISITRA FANARAHA-MASO IREO ANTONTAN-TARATASY ILAINA

- ☐ Izay taratasy fenoina na fahazoan-dàlana ilain'ny firenena hanondrana entana.
- ☐ Fanambaràna Tsotsotra (CBP Form 7501).
- ☐ Fanamarinana ny Antoka (CBP Form 301). MARIHO: Tsy maintsy arahana porofo ilay entana miditra fa misy tokoa ny fifandraisana natsangana miaraka amin'ny CBP mba ahafahana mandray an-tànana ireo haba, hetra, ary vola mety ho aloha.
- ☐ Taratasy milaza mazava momba ny entana na "Manifeste" (CBP Form 7533) na Fangatahana sy Fahazoan-dàlana Manokana ho an'ny Fanaterana entana Avy Hatrany (CBP Form 3461) na taratasy hafa mahakasika ny famoahana entam-barotra izay takian'ny Filohan'ny Seranana.
- ☐ Porofon'ny Firenena niavian'ny entana mba :
  1. Hametahana ny Firenena niaviana NA
  2. Fahafenoana fepetra hisitrahana sata omen-tombon-dahiny
- ☐ Porofon'ny fahazoan-dalana hanao fanambaràna. Rehefa entana "nafarana manokana" ireo entana halefa, ny "connaissement" na ny taratasy milaza ny fitaterana an'habakabaka dia azo atao porofon'ny fahafahana manao fanambaràna.
- ☐ Lisitry ny entana na "liste de colisage" manondro ny habetsahana, ny laharan'ny code HTS, ny fanoritsoritana ireo entana ny saran'ny singany iray ary ny totaliny.
- ☐ Antontan-taratasy hafa ilaina mba hamaritana ny fahafahan'ny entana miditra, toy ny fahazoan-dàlana manokana ilaina ho an'ny vokatra sasany.

## AIZA NO AHITAKO IREO ANTONTAN-TARATASY ILAINA?

Azo jerena amin'ny internet avokoa ireo antontan-taratasy ireo, ao amin'ny tranokalan'ny Faditseranana sy ny Fiarovana ny Sisin-tany.

Ho an'ny taratasy fenoina raha hanafatra entana, jereo ny fandaharana [Automated Broker Interface]() (ABI), izay ampahan'ny "Automated Commercial System (ACS)" na "Système Commercial Automatisé", ao amin'ny [www.cbp.gov/document/publications/importing-united-states]().

Ireo taratasy fenoina hafa rehetra dia azo alaina ao amin'ny: [https://www.cbp.gov/newsroom/publications/forms]()

## FANAOVANA FAKTIORA

La facture commerciale doit être rédigée en anglais et doit comporter des informations spécifiques, notamment:

- ☐ Seranana hidiran'ny entana, any amin'izay handehanan'ny entana
- ☐ Fotoana sy toerana hivarotana azy ary ny anaran'ny mpividy sy ny mpivarotra
- ☐ Raha alefa amin'ny alalan'ny olona hafa ilay entana, soratana ny fotoana sy ny fiavian'ny entana, ny anaran'ny mpitondra entana sy ny handray azy
- ☐ Fanoritsoritana amin'ny antsipiriany ny momba ny entana
- ☐ Habetsahan'ny entana
- ☐ Vidin'ny singany tsirairay amin'ny vola miasa ao amin'ny firenena hivarotana azy
- ☐ Sandan'ny vola vahiny matetika ampiasaina amin'ny fanaovana ny fifanakalozana ara-barotra
- ☐ Mamantatra ny vola vahiny miasa
- ☐ Izay vola aloa rehetra, isan'izany ny saram-pitondran'entana (fret), saram-piantohana, ny fifamezivezena, ary ny vidin'ny famonosana ny entana
- ☐ Ny tamberim-bidy rehetra, ny vola rehetra naverina, nosintonina, ary ny tamby izay azo tamin'ny fanondranana ny entana
- ☐ Firenena niavian'ny entana
- ☐ Izay entana sy tolodraharaha tafiditra ao anatin'ny famokarana ny entam-barotra.